# Lesona 1

# MANARAKA MPITARIKA TSY HITA MASO

## Mandalina ny loharanon-kevitra

Salamo 119:11; Matio 9:35; 13:6; Jaona 14:15-18; 16:5-15; II Petera 1:12-18; I Jaona 1:1-3

## Mametraka ny tanjona irina

Ny mambra ao anatin'ny kilasy dia:

●Hahatakatra fa na dia tsy hitan'izy ireo maso aza i Jesosy dia tsapa amin'ny alalan'ny fomba azo tsapain-tànana noho ny fanatrehan'ny Fanahy Masina.

●Hahatsapa fa ny fiainam-pinoana dia tena zava-misy toy ny zavatra hafa izay handalovan'izy ireo.

●Hianatra hamantatra ny fitarihan'i Kristy eo amin'ny fanapahan-keviny sy ny hetsika ataony isan'andro.

## Mifantoka amin'ny filàn'ny mambra vaovao

Eo am-panombohantsika ity leson'ny Sekoly Sabata mandritra ity telovolana ity dia zava-dehibe ny fanavahana ny atao hoe "mambra vaovao" sy "Kristiana vaovao."

Maro amin'ny olona izay miditra ao anatin'ny Fiangonana Advantista no mambra mafana fo avy any amin'ny Fiangonana Kristiana hafa. Ny fanirian'izy ireo hanaraka an'i Jesosy amin'ny fahafenoany no nitaona azy ireo ho tonga Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Efa nahazatra azy ireny ny vavaka, ny fandalinana ara-Baiboly, ary ny fanompoam-pivavahana Kristiana. Izany

hoe mety hanana zavatra vitsivitsy hampianarina antsika izy ireo momba ireny fitsipika ireny.

Ny hafa kosa dia mety tsy dia mahalala firy na tsy mahalala mihitsy momba ny maha-Kristiana, indrindra ny olon-dehibe. Tsy maintsy mitandrina fatratra isika amin'ny fampianarana mifanaraka amin'ny dingana izay ahazoan'izy ireny aina.

Ny fihainoana tsara no fanalahidin'ny fitantanana mahomby atao amin'ny tarika iray. Mametraha fanontaniana be dia be; ataovy azo antoka hoe mihaino tsara ny valin'izy ireny ianao. Ny fampianarana dia tsy vitan'ny fanaovana lahateny be fotsiny ihany. Ny fampianarana tena tsara dia ahitana fotoana sy toerana hifanakalozan-kevitra, hanaovana fandalinana, ary hanorenana ny fifandraisana miaraka amin'ny hafa, indrindra miaraka amin'i Kristy.

## Manomana ny fitaovana

●Dika mitovy amin'ny "Fanandramana Miaraka amin'ny Fanahy Masina" sy ny "Ahoana no Maha-Tena Izy an'i Jesosy amiko" (Takila Fanampiny).

●Valin'ny fanontaniana ao amin'ny fizaràna "Fitsapam-Pahaizana":1-D; 2-A, D, E; 3-mety hiovaova ny valiny.

| Fomba Fampianarana |
|---|
| Ny lohahevitra mandritra ity herinandro ity, mitondra ny lohateny hoe "Manaraka Mpitarika tsy Hita Maso" dia tena mametraka fihaikana eo |

am-pandinihantsika ny tena maha-zava-misy an'i Jesosy amin'ny fomba maro samihafa. Tsy fotoana tokony ahatery saina izao. Manohera ny fakam-panahy mba ahatonga ny fanandramanao hifanaraka amin'ny tokony ho izy. Eo am-piresahanareo momba ity lesona ity dia hamafiso ny karazana fomba nampiasain'i Kristy ampahahafantarana ny Tenany amintsika.

## Miomana hanomboka

*Safidy A:* Inona ny zavatra farany tsaroanao tany am-piangonana? Tsara sa Ratsy? Nahoana?

*Safidy B:* Raha toa ianao ka nahita vola 100 dôlara teo amin'ny làlana iray fandalovan'ny olona dia nataonao inona ilay izy?

## Mikatsaka ao anatin'ny Teny ary mifanakalo hevitra momba ny olana

*Olana 1: Finoana ny fitarihan'Andriamanitra.* Nanana tantara nitoviana i Jesosy sy i Jaona mpanao batisa. I Maria renin'i Jesosy, sy i Elizabeta renin'i Jaona dia mpinamana talohan'ny nahaterahan'i Jesosy sy i Jaona. Talohan'ny nanombohan'i Jesosy ny asa fanompoana nataony tety an-tany dia nataon'i Jaona batisa tao amin'ny onin'i Jordana Izy, ary hitany  tamin'izany ny Fanahy Masina izay nidina tamin'ny endrika voromaialalala sady reny ny feon'Andriamanitra nanao hoe: " 'Ity no Zanako malalako izay sitrako' " (Marka 1:11).

Fantatr'i Jaona anefa hoe samihafa ny andraikitr'izy ireo. Nilaza izy fa i Jesosy "tsy maintsy mitombo, ary izaho kosa tsy maintsy mihena' " (Jaona 3:30).

Dia tany am-ponja no niafaran'i Jaona. Tafasaraka tamin'ny fahafahana sy ny namana izy, ary nanomboka nanontany ten any amin'ny momba an'i Jesosy. Nirahiny hanontany an'i Jesosy ny mpianany roalahy nanao hoe: "Ianao va Ilay ho avy sa mbola hafa no andrasantsika?" (Lioka 7:20).

Vakio ny Marka 1:1-11; Matio 11:1-11; Lioka 7:18-23. Asaivo misaintsaina fihetsehampo izay mety namporisika an'i Jaona hametraka ilay fanontaniana ny mambra ao anatin'ny tarika misy anao. Rehefa izany dia asaivo samy milaza ny fihetsehampo izay mety tsapan'i Jesosy teo am-pandraisana izany fanontaniana izany ireo mambra ireo.

Mety tsar any finoana rehefa haintsika ny mifehy ny làlana hizoran'ny tenantsika manokana, na rehefa mazava amintsika sy hankasitrahantsika ny làlana hitondran'Andriamanitra antsika. Ahoana kosa anefa ny amin'ny fahoriana, sy ny fotoana izay tsy mampazava amintsika ny zava-mitranga sy ny antony? But what about when we're suffering, when we don't understand what's happening and why? Nony farany dia inona no valiny nasetrin'i Jesosy ny fanontaniana napetrak'i Jaona? Vakio ny Lioka 7:22, 23.

*Olana 2: Ny Fanehoana an'i Jesosy amin'ny hafa.* I Petera, Jaona, Lioka, Paoly, dia samy nifandray nivantana tamin'i Jesosy avokoa nandritry ny asa fanompoana nataon'izy ireny tety an-tany. (Ny an'i Lioka dia vokatry ny

fahalalana azony  avy amin'ireo olona nanatri-maso izay nanaovany fanadihadiana; ny an'i Paoly kosa indray dia avy amin'ny fahitana).

Nandray ny teny fikasana ny amin'ny fiverenan'i Jesosy indray izy ireo, kanefa rahoviana? Amam-bolana? Aman-taona? Sa afaka folo taona? Sa mihoatra noho izany? Rehefa nandeha teny ny fotoana dia tsy nampita ny zavatra nataon'i Jesosy sy ny fampianarany tamin'ny taranaka manaraka izy ireo. Tsy maintsy nanao ny fiainany ho tena zava-misy teo amin'ny mpihaino sy ny mpamaky azy izy ireo.

Araka ny hevitrao, nanao ahoana ny fahombiazan'izy ireny?

Rehefa voatery tsy maintsy maneho eo amin'ny fiainanao ny maha-tena misy an'i Jesosy amin'ny manodidina anao ianao, ny fianakaviana, ny namana, ny ny mpiara-miasa, ny mpiaramonina, dia inona no zavatra lehibe indrindra tonga ao an-tsainao?

*Olana 3: Mahatsapa ny fitarihan'ny Fanahy Masina.* Fantatr'i Jesosy fa hiverina any an-danitra Izy nony farany, ary handao ny mpianany mialohan'ny fiverenany eto an-tany indray amim-boninahitra. Noho izany dia namela teny fikasana Izy hoe ny Fanahy Masina indray no hiasa hisolo ny toerany, ho "Mpananatra" azy ireo.

Ny teny Grika hilazana ny hoe "Mpananatra" na "Mpanolo-tsaina" dia midika ara-bakiteny hoe "ilay iray izay mijoro eo akaiky." Raha toa i Jesosy ka voafetran'ny fotoana sy ny toerana fony Izy nonina tety an-tany, ny Fanahy Masina kosa dia manatrika hatrany amin'ny

toerana rehetra hivorian'ny Kristiana mpino. Tsy vitan'izany ihany fa: amin'ny alalan'ny Fanahy Masina no hitohizan'ny asa fanompoana fampianarana nataon'i Kristy tamin'ireo mpino Azy.izao no nambaran'i Jesosy: "Mbola manana zavatra maro holazaina aminareo aho, nefa tsy zakanareo ankehitriny. Far aha tong any Fanahin'ny Fahamarinana, dia Izy no hitari-dalana anareo ho amin'ny marina rehetra." (Jaona 16:12, 13).

Inona ireo fomba sasany tena nahatsapan'ny Kristiana ny asa fampianarana nataon'ny Fanahy Masina? Mitanisà telo farafaharatsiny.

Inona ireo fomba tokana izay azon'ny tenanao amin'ny maha-olon-tokana anao, iainana ny asa fanompoana fampianaran'ny Fanahy Masina?

## Mampihatra eo amin'ny fiainana

Ny fahatokiana dia anisan'ny ampahany manan-danja eo amin'ny fiainana. Ahoana anefa no ahafahantsika mitoky amin'ny olona izay tsy hitan'ny masontsika akory?

Mahatoky ny olona izay mikarakara ny sakafo hanintsika any amin'ny toeram-pisakafoanana isika. Mino isika fa hoe hijanona ny mpamily ny fiarakodia mifanena amintsika eo amin'ny kihon-dalana iray rehefa mahita ny jiro mena mirehitra izy. Inona no maha-samihafa ny fitokiana amin'ilay Jesosy tsy hita maso? Inona no mampitovy azy roa ireo?

## Manangona ny hevitra mahakasika ny zava-bita

Hatramin'ny nandaozan'i Jesosy ny mpianany teo an-tendrombohitra Oliva dia "mbola nandinika ny lanitra izy ireo" (Asa 1:10), izay hoe voatery nanorina fifandraisana tamin'ny Olona izay tsy hitan'izy ireo, tsy reny, ary tsy azony tsapain-tanana izy ireo, amin'ny ankamaroan'ny fotoana.

Zarao amin'ny mambra tsirairay avy nydika mitovy amin'ny: "Ahoana no Maha-Tena Izy an'i Jesosy amiko" (Takila Fanampiny).

## Lesona 2

## MIAINA NY FANANDRAMAN'NY HERIN'NY TENY

### Mandalina ny loharanon-kevitra

Matio 7: 24-27; Marka 4: 35-41; 11:15-17; Lioka 10:25, 26; 24:25-27; Jaona 4:46-53; 11:1-44; I Korintiana 12: 3; II Petera 1:19-21

### Mametraka ny tanjona iriana

Ny mambra ao anatin'ny kilasy dia:

●Hamantatra ny loharanon-kery ao anatin'ny maha-Kristiana.

●Hanazava ny tombotsoa amin'ny fahalalana ny Soratra Masina

●Hamantatra ny fomba hihazonana ny tena ho feno ny Tenin'Andriamanitra

### Mifantoka amin'ny filàn'ny mambra vaovao

Iray amin'ireo fiovana lehibe indrindra handalovan'ny mpino vaovao ny fiovana izay ateraky ny fanekena ny Tenin'Andriamanitra hanam-pahefana eo amin'ny fiainany. Aorian'ny fiovampo voalohany anefa dia mila manazatra ny tenany isan'andro amin'ny fandalinana mavitrika sy am-bavaka ny Teny, ny mpino vaovao. (Toy izany ihany koa ny mpino efa tranainy eo amin'io sehatra io!)

Raha toa *tsy* anisan'ny ampahany eo amin'ny fiainan'izy ireo andavan'andro ny famakiana ny Teny sy ny fivavahana tsy tapaka dia mila toromarika kely izy ireony

amin'ny fomna fanaovana azy ireny ho lasa fahazarana. Ireo izay efa zatra nofatoran'ny fahazaran-dratsy na nanimba fahiny dia mila mahafantatra ny fomba "hamatoran'ny" Tenin'Andriamanitra azy. Hitan'ireo manam-pahaizana mahakasika ny fitondrantenan'olombelona fa mila averina in-21 ny zavatra iray izay vao lasa fahazarana. Noho izany dia toroy hevitra ireo mpino vaovao hitady namana azo hitokiana, ary amporisiho hifampiresaka isan'andro izy ireo mandritry ny telo herinandro voalohany farafaharatsiny, na mandra-pananan'izy ireo fahazarana amin'ny famakiana ny Tenin'Andriamanitra isan'andro.

## Manomana ny fitaovana

●Dika mitovy amin'ireto manaraka ireto ho an'ny mambra tsirairay avy ao anatin'ny kilasy: "Fanadihadiana Momba ny Fahazarana eo amin'ny Fandalinana ara-Baiboly," "Ahoana no Fomba Fianatrao?" sy ny "Ny Toetra Hita ao anatin'ireo Fomba Fianatra Telo" (Takila Fanampiny).

●Solaitrabe fotsy sy markera, solaitrabe mainty, na taratasy lehibe fanoratana.

●Valin'ny fanontaniana ao amin'ny fizaràna "Fitsapam-Pahaizana":1-"E" manoloana azy efatra ireo; 2-tokony homarihana avokoa izy efatra; 3-tokony homarihana avokoa izy efatra.

## Miomana hanomboka

*Safidy A:* Anontanio hoe: “Inona no iray amin’ireo fahazarana tsara indrindra anananao?” “Ahoana no nahatonga azy io ho lasa fahazarana?” Ampifantohy amin’ny fomba fiforonan’ny fahazarana ny sain’ny mambra, fa tsy amin’ilay fahazarana.

*Safidy B:* Mariho fa mihinanan sakafo indray mandeha isan’andro avokoa ny mambra tsirairay avy. Anontanio hoe inona no antony?

Amporisiho izy ireo hilaza valiny amin’ny lafiny roa. Raha toa ka tsy mihinana isika dia ho faty, ny sakafo ihany koa no manome hery hamitantsika izay tokony ataontsika. Rehefa mianatra izany isika dia lasa tafiditra ao anatin’ny faribolan’ny sakafo. Ny hery azo avy amin’ny sakafo no mahatonga antsika hihinana azy tsy tapaka. Ny fampidirana azy ao anatin’ny vatana no ahazoantsika hery.

Mariho fa taifidtra ao anatin’ny faribolana toy izany ihany koa isika eo amin’ny Tenin’Andriamanitra.

## Mikatsaka ao anatin’ny Teny ary mifanakalo hevitra momba ny olana

*Olana 1: Ny Tenin’Andriamanitra (Baiboly) sy ny Teny tonga Nofo (Jesosy) no loharanon-kery amin’ny maha-Kristiana.* Asaivo hiverenan’ny mambra ao anatin’ny kilasy ny tantaran’ny Famoronana, amin’ny alalan’ny famakiana ny Genesisy 1. Tokony homarihan’izy ireo manokana ireo teny efatra amin’ny fiandohan’ny andininy 3, 6, 9, 11, 14, 20, 24, ary ny 26. Inona no nitranga vokatr’ireo teny efatra ireo?

Asaivo vakian'ny kilasy ny Salamo 33:9; 148:5. Inona no ambaran'ireo andininy ireo amintsika momba ny loharanon-kery eto amin'izao tontolo izao? Ahoana no fomba nanehoana ny herin'ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny Testamenta Vaovao?

Asaivo vakian'ny mambra ao amin'ny kilasy ireto andininy manaraka ireto. Lioka 5:22-25; 7: 7, 14, 15; 8:24, 25.

*Olana 2: Misy tombotsoa maro mahagaga rehefa mandray ny Teny.* Rehefa mandray ny Tenin'Andriamanitra ny olona dia misy zavatra mahafinaritra mitrangaeo amin'ny fiainany. Fony i Jesosy nonina tety an-tany dia tonga nivantana tamin'ny alalany ny Teny.

Asaivo vakian'ny olona iray terem-panahy amin'ny feo mafy ny fitantarana momba ny nanasitranana ilay lehilahy nitoeran'ny fanahy ratsy ao amin'ny Marka 5:1-20. Rehefa voavaky izany dia zarao roa ny solaitrabe fotsy na taratasy lehibe fanoratana, ahitana ny "Taloha sy ny Taoriana", hanehoana ny fiovana teo amin'io lehilahy io taorian'ny nandraisany ny teny avy amin'i Jesosy. Sintony ny sain'ny mambra ahita fa talohan'ny nandroahan'i Jesosy ireo devoly dia nitanjaka ralehilahy, irery, tsy tompon'ny tenany, ary natahotra azy ny olona. Rehefa nositranin'i Jesosy izy dia nampitafiana, niverina ny sainy, ary niharo tamin'ny vahoaka izy, nizara ny zavatra nataon'i Jesosy ho azy.

Asaivo fantarin'ny mpianatra ny tombotsoa hafa amin'ny fandraisana ny tenin'Andriamanitra. Jereo ny

Salamo 119:11, 105. Inona no nolazain'i Jesosy momba ny Teniny? (Jaona 6:63).

*Olana 3: Ny fanaovana ny fandraisana ny Tenin'Andriamanitra ho fahazarana no fomba hanandramana ireo tombotsoa azo avy aminy.* Ny fiainan'i Jesosy dia fiainana feno hery. Nandresy ny fakam-panahy Izy, nanasitrana ny olona, nanangana ny maty, ary nampianatra momba ny fitiavan'Andriamanitra mba hampiova ny fiainan'izy ireny.

Inona no loharanon'ny herin'i Jesosy? Asaivo vakian'izay terem-panahy amin'ny feo mafy ireto andininy manaraka ireto: Matio 4:4; 14:23; Marka 1:35; Lioka 24:27.

Misy fantsona fototra roa ahafahana mandray ny Tenin'Andriamanitra. Mandray mivantana ny Tenin'Andriamanitra avy Aminy amin'ny alalan'ny vavaka isika, na amin'ny alalan'ny loharano faharoa toy ny mpaminany na ny Baiboly. Niankina tamin'ireo roa ireo i Jesosy mba hananany fiainana feno fandresena hatrany. Inona no ambaran'izany amintsika momba ireo fahazarana roa manan-danja indrindra tokony ananantsika? Ahoana no fomba hanaovantsika ny fanokanana fotoana fivavahana sy ny fandalinana ara-Baiboly ho lasa fahazarana isan'andro?

| Fomba Fampianarana |
| --- |
| Iray amin'ireo fitaovana mahomby eo amin'ny fampianarana ny firesahana lohahevitra izay misy lanjany eo amin'ny fiainan'ny mpianatrao. Ny |

lesona mandritra ity herinandro ity dia manoma ohatra momba ireo olona tamin'ny andron'ny Baiboly, izay nahatsapa ny herin'ny Teny, kanefa ohatra mifanaraka amin'ny tontolo moderna no mety hazava kokoa amin'ny mambra. Anontanio ny mambra raha toa ka mahalala olona izay nanana fiainana niova be tokoa izy ireo taorian'ny naneken'io olona io ny Tenin'Andriamanitra ary miomàna hanome ohatra ihany koa. Ny tantaran'i Henry Wilson ao amin'ny boky mitondra ny lohateny hoe: "*The Marked Baiboly"(Ilay Baiboly Voamarika)* no ahitana ohatra lehibe momba izany, toy ny tantaran'i Mauro ao amin'ny boky: "*The Invitation" (Ilay Fanasana)* nosoratan'i Alejandro Bullón. Mety manana ny boky "*The Invitation"* ny toeram-pivarotam-bokinareo eo an-toerana, ary azonao jerena any amin'ity tranonkala manaraka ity ilay "Marked Bible": <http://www.luxverbi.org.uk/arch/Markaed_Baiboly_contents.htmhttp://www.luxverbi.org.uk/arch/Marked_Bible_contents.htm>.

### Mampihatra eo amin'ny fiainana

Hizarao dika mitovy amin'ny "Fanadihadiana Momba ny Fahazarana eo amin'ny Fandalinana ara-Baiboly" (Takila Fanampiny) ny mambra tsirairay avy. Mety tsy ahazo aina izy ireo raha mameno azy ity eo am-pitoerana

eo. Asaivo fenoiny any an-trano ilay izy ary manao voady hampitombo ny fotoana iarahany amin'Andriamanitra izy ireo.

Raha mety dia mitadiava namana mahatoky hifanohana amin'ny tsirairay mandritry ny telo herinandro farafahakeliny. Manaova lisitry ny fomba fandaniana fotoana ho an'ny Tenin'Andriamanitra ihany koa. Mety ho tafiditra ao anatin'izany lisitra izany ny fomba famakiana ny Baiboly araka ny fomba nahazatra fahiny, ny fihainoana kapila mangirana na "mp3"; ny fijerena fanompoam-pivavahana any am-piangonana amin'ny alalan'ny fahitalavitra na solosaina, ny fampidirana ny Baiboly ao anatin'ny fitaovana afaka entina mandehandeha.

## Manangona ny hevitra mahakasika ny zava-bita

Ny ankamaroan'ny olon-dehibe dia tsy mahalala akory ny fomba fianarany. Hanamora ny fandraisanao ny tsara ho fantatra ny fahalalanao ny fomba fianaranao. Zarao ilay hetsika mitondra ny lohateny hoe "Ahoana no Fomba Fianaranao?" (Takila Fanampiny). Asaivo fenoin'ny mambran'ny kilasy eo am-pitoerana eo ihany izany. Tsy maintsy manome isa izy ireo mba ahafahana mamaritra ny fomba fianatra ampiasainy.

Omeo dika mitovy amin'ny: "Ny Toetra Hita ao anatin'ireo Fomba Fianatra Telo" (Takila Fanampiny) ny isambatan'olona. Ny fahitana ny fomba fianarany voalohany no hanampy azy ireo amin'ny fisafidianana izay fomba mahomby indrindra handraisana ny Tenin'Andriamanitra.

## Lesona 3

## VELONA AO ANATIN'I KRISTY

### Mandalina ny loharanon-kevitra

Matio 13:44-46; Jaona 3:1-21; 4:1-42; 15:1-8; Jeremia 31:16, 17

### Mametraka ny tanjona iriana

Ny mambra ao anatin'ny kilasy dia:

●Ahafantatra fa na dia nihaona tamin'ny olona teny amin'ny toerana nisy azy ireny aza i Jesosy dia nandraindraina hatrany ny fitomboan'izy ireny.

●Ahatsapa ny fiainana ao amin'i Kristy dia fanandramana mavitrika ahitana vokany miharihary.

●Hanome lanja ny andraikitra amin'ny fampivelarana ny fiainana ao anatin'ny fisehoan-javatra isan-karazany, izay azo antoka fa ivelan'ny faritra manavanana azy ireo.

### Mifantoka amin'ny filàn'ny mambra vaovao

Miatrika fihaikana mitovy amin'ny an'ny mambra tranainy ihany koa ny mambra vaovao eo amin'ny dia Kristiana hizorany, tsy fantatr'izy ireo anefa hoe aiza no haleha rehefa mila fanampiana mahakasika ny loharanon-kevitra Advantista izay fantatry ny mambra tranainy matetika. Ny lesona mandritra ity herinandro ity dia sehatra mahery izay hampidiran'ny mpampianatra ny mambra vaovao ho amin'ny loharanon-kevitra ankoatry

ny Tenin'Andriamanitra sy ny *Tari-Dalana Fianarana Baiboly ho an'ny Mambra Vaovao.*

Manomana ny fitaovana

●Dika mitovy amin'ny *"Fihiranan'ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito"* ho an'ny mambra tsirairay avy.

●Dika mitovy amin' "Taratasy Fenoina Mahakasika Ny Filàna Mpanoro Hevitra" (Takila Fanampiny).

●Valin'ny fanontaniana ao amin'ny fizaràna "Fitsapam-Pahaizana":1-B; 2-A; 3-A, B, D, E.

Miomana hanomboka

*Safidy A:* Asaivo zarain'ny mpianatra iray terem-panahy ny valitenin'izy ireo mahakasika ny Iseona tamin'ny herinandro lasa, izay fampidirana momba ny foto-kevitra ny amin'ny fomba fianatra. Inona no fanovana izay heverin'ny tenan'izy ireo hoe hanampy azy manokana eo amin'ny fiezahana mamantatra ny fomba fianatra mampiavaka azy? Ahoana no mahatonga ny olona manana fomba fianarana miavaka hitondra tombotsoa ho an'ny tarika iray manontolo?

*Safidy B:* Moa ve ianao efa nihaona tamin'ny olona izay nanana ny rariny tamin'ny nilazany fa tsy manararaotra ny tombostoa ara-panahy izay misy eo anatrehanao ianao? Inona amin'ny paikady fanatsarana ny valiteninao izay mendrika tsikeraina no azonao hampivelarina avy amin'ny alalan'ny fandalinana ny fomba

namalian'i Nikodemosy sy ilay vehivavy teo am-patsakana ny tsy fitovian-keviny tamin'i Jesosy?

### Mikatsaka ao anatin'ny Teny ary mifanakalo hevitra momba ny olana

Ny tantara ao anatin'ity lesona ity no mitarika ny mambra ao anatin'ny kilasy hampitaha ny valiteny omeny eo amin'ny fiainana amin'ny fahendrena ara-pivavahana, sy ny olona tsy Kristiana mahay mitaona/feno fanoherana na ny olona manana foto-pinoana hafa.

*Olana 1: Mitombo amin'ny fandrosoana ao amin'i Kristy.* Ny tantaran'i Nikodemosy, mpitondra fivavahana ambony, izay notaomin'i Jesosy ho amin'ny fahalalana ny filàny fitomboana amin'ny fandrosoana ara-panahy, dia tena tsara hanombohan'ny mambra ny fampifanarahana ny fitomboany ara-panahy amin'ny tombotsoany.

Hitaro ilay fifanakalozan-kevitra, amin'ny alalan'ny fijerena ny olon-kafa ao amin'ny Baiboly, izay nanana tombotsoa ara-pivavahana nifanaraka na tsia tamin'ny hery ara-panahy nananany tamin'ny fotoana nilàna izany. Hivereno jerena fohifohy ireto tantara manaraka ireto, hamaritana ny toetra maha-zanak'Andriamanitra nananan'ireo olona ireo na tsy nananany. (II Petera 1:5-8)

Daniela—fandresena taoan-davaky ny liona (Daniela 6)

Miriama—nofaizina tamin'ny alalan'ny habokana (Nomery 12:1-10)

Davida—voasarika tamin'ny fakam-panahy teo amin'ny firaisana ara-nofo (I Samoela 11–12:24)

Rota—nihazona fatratra ilay mpanolotsaina azy ara-pivavahana (Rota 1:1-18)

Rehefa mandinika ny fanandramana nandalovany isan'andro ny mambra dia oa ve ny sainy, ny heviny, ny asany, ary ny fihetsiny, maneho ny fitomboana ara-panahy? Moa ve misy olon-kafa, mambran'ny fiangonana na tsia, maneho fahatsarana momba ny fiainany ao amin'i Kristy?

*Olana 2: Manoritra fiainana mavitrika ao amin'i Kristy.* Izao no nambaran'i John Bunyan, mpanoratra ny boky hoe "*Pilgrim's Progress" (Ny Fandrosoan'ny Mpivahiny)*: "Vakio ny Baiboly ary vakio hatrany. Aza kivy amin'ny fanampiana ny hafa hahatakatra ny sitrapo sy ny fisainan'Andriamanitra, ataovy toy ny hoe ianao mihitsy no mpitahiry azy ireny. Aza mikorontana rehefa tsy manan-javatra ambara na aseho. Mivavaha ary vakio dia vakio ary mivavaha, satria ny kely avy amin'Andriamanitra tsara lavitra mihoatra noho ny be avy amin'olombelona."* Mitadiava andininy ara-Baiboly izay maneho ny maha-tena zava-misy ny fitomboana, oh: Salamo 119:105; Ohabolana 6:23; Isaia 40:8; Jeremia 15:16; II Timoty 2:15; 1 Jakoba 1:22; I Petera 2:2.

*Olana 3: Ny fananana andraikitra eo amin'ny fifandraisana ara-panahy amin'ny olona izay tsy Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito.* Ampio ny mambra vaovao, eo amin'ny fanombohany/famerenany indray ny dingana eo amin'ny fitadiavana modely maneho an'Andriamanitra azo alain-tahaka, hanatrarana io tanjony io.

---

* *Our Daily Bread,* August 12, 1992

Andriamanitra Ray no mpanamboatra/mpampakatra ao amin'ny Jaona 15:1-8, izay mikarakara ny sampana/Kristiana mba hamokaran'izy ireo voaloboka/fanahy ho an'ny fanjakan'Andriamanitra. Inona amin'ny toetra ananan'ny Ray no manome antoka ny Advantista vaovao hoe afaka hamokatra izy? Vakio ny II Korintiana 1:3, 4; Filipiana 1:6; Jakoba 1:17.

Inona avy ireo asa tsara mitondra voka-tsoa voalaza ao amin'ny Baiboly? Vakio ny Matio 6:1-4, 5-13, 16-18; Asa 16:14, 15; II Korintiana 9:7, 8; Jakoba 1:27.

Anontanio hoe: Iza no olona fantatrao hoe nanao fiovana manan-danja ho an'Andriamanitra ao amin'ny fiangonana misy anao? Ahoana ny fomba nisehoan'ny vokatry ny fanahy (Gal. 5:22, 23) tamin'izany olona izany? Inona no vokatry ny fanahy irianao sady tianao ampidirina ao amin'ny vatsy ara-panahy avy hatrany?

**Fomba Fampianarana**

*Mampitaha sy mampifanohitra:* Ny fampitahana ny fanandraman'ny mambra vaovao amin'ny an'ny olonaavy ao amin'ny Baiboly dia manampy amin'ny fahafantaran'izy ireo ny fahalemen'ny tenany sy ny heriny.
*Fandalinana:* Ny fiezahana mamantatra ny antony sy ny vokatry ny safidy sy ny fihetsika nataon'ny hafa no mamporisika ny mambra vaovao hanao ny fanovana ilaina sy hiala amin'ny toerana sy/na fanandramana nahazatra azy eo amin'ny fifandraisana amin'ny olona izay

entin'Andriamanitra ao anatin'ny asa fanompoana ataony.

**Mampihatra eo amin'ny fiainana**

Manangàna ekipa mpanolotsaina avy amin'ireo mambra efa tranainy. Ampahafantaro ny mambra vaovao ao anatin'ny kilasy izany fomba fiasa vaovao izany. Asaivo mampahafantatra ny tenany fotsiny aloha ireo mpanolotsaina ireo ary ao amin'ny fifanakalozan-kevitra amin'ny Olana 3 izy ireo vao mandray anjara.

**Manangona ny hevitra mahakasika ny zava-bita**

Hita any amin'ny Takila Fanampiny ny hoe: "Taratasy Fenoina Mahakasika Ny Filàna Mpanoro Hevitra."

Lesona 4

# MIZAKA NY FANOHERAN'IZAO TONTOLO IZAO

## Mandalina ny loharanon-kevitra

Matio 26:47, 55, 56; Jaona 3:17-20; 6:67-69; 7:1-5; Asa 6:13-17:1; Romana8:28, 31-39; I Korintiana 10:13; II Korintiana 11: 22-29; 12:7-10; Filipiana3:7-11; 4:13; II Timoty 1: 8-14; 1 Petera4:12-19; Hebreo11; 12:1-3, 14, 15

## Mametraka ny tanjona iriana

Ny mambra ao anatin'ny kilasy dia:

●Ahafantatra fa ny batisa dia mametraka ny olona iray eo amin'ny ady atao amin'ny herin'i satana, izay mety hitondra korontana sy fahoriana.

●Hanaiky hoe mety tsy ho faly amin'ny fanapahan-kevitr'ilay mpino vaovao ho an'i Kristy ny namana sy/na mambra ao anatin'ny fianakaviana.

●Hamantatra ny loharanom-pahendrena sy ny hery mifanaraka amin'ny ady sy ny hiatrehana ireo olana vokatry ny finoana sy ny fomba fiaina vaovao.

## Mifantoka amin'ny filàn'ny mambra vaovao

Iray amin'ireo olna izay tena atrehan'ny ankamaroan'ny olona rehefa mandray fanapahan-kevitra ho an'i Kristy, ary manimba ny foto-pinoany sy ny fomba fiainany ny fanoherana avy amin'ny mambran'ny fianakaviana, namana, mpampiasa, ary mpiara-miasa. Manana safidy roa ilay mpino vaovao rehefa miatrika

fanoherana: (1) manaiky ny fanerena avy any ivelany ary miala amin'ilay finoana na fomba fiaina vaovao; na (2) mijoro amin'ny finoana sy ny fihetsika eo ambanin'ny fitarihana sy ny herin'ny Fanahy Masina.

Ny valiny asetrin'ny mpino vaovao ny fanoherana no haneho ny tena maha-zava-misy ilay finoana vaovao hitany sy ny fanolorantenany ho an'ilay Tompo vaovao. Noho izany, ny valiteny araka an'Andriamanitraly fa tsy ny fihetsika amin'ny maha-olombelona no tokony hampiroboroboana eo amin'ny mpino vaovao tsirairay avy, miaraka amin'ny fanohanana avy amin'ny mpanolotsaina eo anivon'ny fiangonana.

## Manomana ny fitaovana

●Dika mitovy amin'ireto manaraka ireto ho an'ny mambra tsirairay avy ao anatin'ny kilasy "Ny Fihetsika Manoloana ny Fanaovana ny Tsy Rariny amin'ny Tena," "Ny Zavatra Iainako amin'izao Fotoana izao," and "Hevitra avy amin'ny olona" (Takila Fanampiny).

●Manan-danja tokoa ny fampiharana ity lesona ity. Rehefa mitarika ny mambra amin'ity lesona ity ianao dia manomeza fotoana ampy ho an'ny fampiharana ilaina rehefa mifarana ny lesona.

●Valin'ny fanontaniana ao amin'ny fizaràna "Fitsapam-Pahaizana":1-D; 2-F; 3-A; 4-B; 5-E, 6–13-afaka marihana avokoa ny valiny rehetra, 14-F; 15-G; 16-E; 17-D; 18-H; 19-A; 20-B.

## Miomana hanomboka

*Safidy A:* Ampahatsiahivo ny kilasy hoe ny lesona tamin'ny herinandro dia mitondra ny lohateny hoe: "Velona ao anatin'i Kristy." Asaivo faritan'izy ireo ny dikan'izany hoe velona ao anatin'i Kristy eo amin'ny sehatry ny fampiharana.

*Safidy 2:* Mizarà dika mitovy amin'ny: "Ny Fihetsika Manoloana ny Fanaovana ny Tsy Rariny amin'ny Tena" (Takila Fanampiny) ho an'ny mambra tsirairay avy ao anatin'ny kilasy. (Dika roa mitovy no eo amin'ny takila tsirairay avy; zarao roa izy ireny.) Asaivo milaza ny valiteniny izay terem-panahy hanao izany. Hifanakalozy hevitra: Hevrinao fa hafa ve ny fihetsika nasetrinao raha toa ka tamin'izao fotoana izao no nitranga io fisehoan-javatra io?

**Fomba Fampianarana**

Amin'ny maha-mpamianatra anao dia aza matahotra fahanginana rehefa avy mametraka fanontaniana ianao. Mety hangina ny mambra ao anatin'ny kilasy satria mbola mieritreritra ny valiteniny izy. Mety haharitra ela no fahatsapanao ilay fahanginana, amin'ny maha-mpampianatra anao, kanefa raha ny tena izy dia mba tsy mahazo aina amin'izany fahanginana izany ihany koa ireo mambra ao anatin'ny kilasy ireo.

Raha toa ka tsy nisy olona namely ny fanotaniana napetrakao nandritry ny fotoana naharitraritra dia: (1) apetraho amin'ny alalan'ny

fampiasana teny vaovao hanazavana azy indray ilay fanontaniana, na (2) amporisiho hamaly izy ireo amin'ny alalan'ny fizarànao ny valiteninao moba ilay fanontaniana ary fanasana ny hafa hizara ny valiteniny ihany koa.

Mikatsaka ao anatin'ny Teny ary mifanakalo hevitra momba ny olana

*Olana 1: Ny antony mahatonga ny mpino vaovao hiatrika fanoherana avy amin'ny hafa.* Mety hisy fifanoherana eo amin'ny fiainana Kristiana: amin'ny lafiny iray dia mahatsapa fifaliana amin'ilay fahamarinana vaovao sy fanantenana fiainana vaovao ary fiainana mandrakizay ilay mpino vaovao. Amin'ny lafiny iray kosa anefa dia mety hiatrika ireto zavatra manaraka ireto ny Kristiana vaovao: tsy fifankahazoana, fanakorana, na fanoherana avy amin'ny mambran'ny fianakaviana sy ny namana. Ny fifanakalozan-kevitra momba izany zava-misy izany no hanampy ny mpino vaovao amin'ny fahatakarana ny ady ara-panahy izay miseho manodidina ny olona vaovao vao niova fo tsirairay avy, indrindra manodidina ny mpino tsirairay avy. Izany mihitsy no tena mahazatra fa tsy hoe miavaka akory. Ny fahalalana hoe miatrika izany fanoherana izany ihany koa ny hafa no hampatanjaka ny finoan'ny mpino vaovao ao anatin'ny fitsapana toy izany.

Zarao telo ny tarika ary asaivo mamaky iray avy amin'ireto andalana avy ao amin'ny Soratra Masina eto ambany ireto sady mamaly ny fanontaniana manaraka:

- Iza no nijaly tamin'ny fanoheran'ny hafa?

●Nisy antony nahatonga ilay fanoherana ve aseho ao amin'io andalana io?

●Inona no valiny nasetrin'ilay olona ny fanoherana avy amin'ny hafa?

Tarika 1: Jesosy (Jaona 7:1-5)
Tarika 2: Paoly (II Korintiana 11:22-29)
Tarika 3: Stefana (Asa 6:13–7:1)

Asaivo manao tatitra momba ny zavatra hitany eo anatrehan'ny kilasy ireo tarika tsirairay avy ireo. Tariho ilay fifanakalozan-kevitra, amin'ny alalan'ny fampiasana ny zavatra nianarantsika momba fanandraman'i Jesosy, Paoly, ary Stefana.

*Olana 2: Afaka mivoaka ho mpandresy avy ao anatin'ny fanandramana sarotra.* Vitsy amintsika no miatrika ny fahoriana hatramin'ny maha-martiora tahaka izay nandalovan'i Stefana. Rehefa miova finoana anefa isika dia metyhankahala ireo fiovna ataontsika eo amin'ny fiainantsika ireo olona akaiky antsika. Misy valiny mandeha ho azy asetrin'ny olombelona ny fanoherana avy amin'ny hafa. Inona no sasany amin'ireny valiny mandeha ho azy ireny? Asaivo mamantatra ny valiny ireo mpandray anjara, toy ny hoe ahiahy, tahotra, hatezerana, fahasahiranan-tsaina, tsy fahafahampo, fahadisoam-panantenana, fahakiviana, sns.

Asaivo vakian'izay terem-panahy amin'ny feo mafy ireto andininy manaraka ireto ary farito ny valiny ara-pihetsehampo izay olona fakatahaka ao amin'ny Baiboly fony izy ireo niatrika fanoherana:

Hebreo 12:1-3, 14, 15; II Timoty 1:8-14; Romana 8:28, 31-39

Hifanakalozy hevitra izao manaraka izao: (1) Ahoana no fomba nivoahan'ireo olona ireo avy amin'izany fanandramana sarotra izany? (2) Inona no azontsika hianarana avy amin'izy ireo?

*Olana 3: Izay rehetra manana fiainana araka an'Andriamanitraly dia henjehina.* Nanoratra ho an'i Timoty i Paoly, araka ny voarakitra ao amin'ny II Timoty 3:12: "Eny, izay rehetra te ho velona amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, izy ao amin'i Kristy Jesosy, dia henjehina". Mitondra fampaherezana io fanambaràna io, amin'ny fahalalana hoe mahatsapa izay tsapantsika ihany koa ny hafa. Io zava-misy io dia manondro ny filàntsika fianteherana amin'Andriamanitra hiaretana ny fanoherana. Vakio ireto andininy manaraka ireto fantaro ny zavatra miavaka sy azo tsapain-tanana izay azon'ny olona natao na dia teo aza ny fanoherana.

I Korintiana 10:13; II Korintiana 12:7-10; Filipiana 4:13; 1 Petera 4:12-19

## Mampihatra eo amin'ny fiainana

Omeo dika mitovy amin'ny "Ny Zavatra Iainako amin'izao Fotoana izao" (Takila Fanampiny) ny mambra tsirairay avy. (Dika telo mitovy no eo amin'ny takila iray, zarao telo izy io ary omeo iray avy ny mambra.) Rehefa nahafeno ilay taratasy ny mambra iray kilasy dia asaivo miaraka tsiroroa/mifampizara ny valitenin'izy ireo manokana. Amporisiho hifampivavaka izy anankiroa.

Manangona ny hevitra mahakasika ny zava-bita

Omeo dika mitovy amin'ny "Hevitra avy amin'ny olona" form (Takila Fanampiny) ny mambra tsirairay avy. (Dika telo mitovy no eo amin'ny takila iray, zarao telo izy io ary omeo iray avy ny mambra.) Lazao mazava tsara amin'ny kilasy hoe *tsy* tokony hanoratra ny anarany eo amin'ireny taratasy fenoina ireny mihitsy izy ireo. Rehefa mirava ny kilasy dia vakio ireo taratasy nofenoina ary zarao amin'ireo mpanolotsaina ny mambra vaovao na ny pasitoran'ny fiangonana ireo hevitra azo tao.

Lesona 5

# MHAHATAKATRA TSARA MOMBA NY SABATA

## Mandalina ny loharanon-kevitra

Genesisy 2:1-3; Eksodosy 20:8-11; 31:12, 13, 16, 17; Deoteronomia5:12-15; Lioka 6:1-5; 13:10-17; Jaona 5:1-18; Asa 17:1-4; 20:7-12; Apokalypsy 14:6, 7

## Mametraka ny tanjona iriana

Ny mambra ao anatin'ny kilasy dia:

●Hamantatra ny Sabata tany amin'ny Testamenta Taloha.

●Ahita ireo porofon'ny fitandremana ny Sabata ao amin'ny Testamenta Vaovao.

●Ahita fomba hanomezana lanjany Sabata sy hanao izay hampiavaka azy

## Mifantoka amin'ny filàn'ny mambra vaovao

Mety hiteraka rarin-tsaina ny fanovana ny andro fivavahana, ary izany matetika no fihaikana lehibe indrindra ho an'ny mambra vaovao. Tsy mazava amin'ny fianakaviana sy ny namana ilay fiovana matetika, ary mety mahatezitra azy ireo izany. Mety ho tonga ho azy ny fitokatokanana. Tokony ampaherezina ny mambra vaovao, toroana hevitra, ary tianvina tsy misy fepetra manditry ny fotoana hizarany ho amin'izany. Ny fampifandraisana ny mambra vaovao amin'ny mambra hafa ao am-piangonana sy ny fivoahany eny amin'ny

fiarahamonina dia tena ilaina tokoa eo amin'ny fanampiana azy ireo hitombina tsara amin'ilay fiovana vao nataony teo amin'ny fiainany.

## Manomana ny fitaovana

●Dika mitovy amin'ny "Inona no Nataon'i Jesosy" sy ny "Mankasitraka ny Sabata" (Takila Fanampiny) ho an'ny mambra tsirairay avy.

●Raha toa ka misy teknolojia eo anivonareo dia manokàna fotoana hanaovana fikarohana amin'ny "Google" sy "Facebook" momba ny lohahevitra mahakasika ny Sabata voalaza ao amin'ny Olana 3, ao amin'ny fizaràna *"Mikatsaka ao anatin'ny Teny".*

●Valin'ny fanontaniana ao amin'ny fizaràna "Fitsapam-Pahaizana":1-izy efatra; 2-izy dimy; 3-D; 4-A; 5-E; 6-B.

## Miomana hanomboka

*Safidy A:* Inona no nandresy lahatra anao ny amin'ny andro natokana hanompoana an'Andriamanitra? Nanao ahoana ny fihetsika nasetrin'ny namana sy ny fianakaviana?

*Safidy B:* Raha toa isika ka manaraka ny ohatr'i Jesosy, dia inona no fanambaràna manokana nataony momba ny Sabata? Inona no hampianarin'ny ohatra nasehon'i Kristy antsika momba ny fitandremana ny Sabata?

## Mikatsaka ao anatin'ny Teny ary mifanakalo hevitra momba ny olana

Ny fahatakarana ny fomba niovan'ny Sabata ara-Baiboly ho tonga Alahady dia zava-dehibe amin'ny mpino vaovao. Ny fizaràna ny fomba nahatonga azy ireny ho resy lahatra dia manoro fomba lehibe hanamafisana orina ny finoany. Ny fanarahana ny Sabata tamin'ny fotoanan'ny Testamenta Taloha sy Vaovao dia maneho ohatra azo tsapain-tanana ny amin'ny fomba nitandreman'i Jesosy ny Sabata, sy ny fahazoana ny Sabata ho mihoatra lavitry ny fomba amam-panao Jiosy.

*Olana 1: Zava-dehibe ny niandohan'ny Sabata.* Tany amin'ny Famoronana no niandohan'ny Sabata, fotoana izay nomen'Andriamanitra lanja betsaka teo amin'ny namoronany sy ny nitandremany azy. Nafahana avy tany amin'ny tany Egypt any zanak'Israely indray andro, ary nanoratra didy folo izay tokony arahan'izy ireo Andriamanitra. Ny tànan'Andriamanitra mihisty no nanoratra io didy io.

Araho ny Sabata nanomboka tany amin'ny Testamenta Taloha. Asaivo vakian'ny terem-panahy amin'ny feo mafy ny Genesisy 2:1-3; Eksodosy 20:8-11; Deoteronomia 5:12-15; Isaia 58:3; Jeremia 17:22; Ezekiela 20:12. Ireo andininy ireo sy ny maro hafa koa dia maneho fa tena nanana ny lanjany hatrany Sabata ary tsy niova teo anatrehan'ny Tompo. Raha manam-potoana ianao dia alaivo ny kônkôrdansin'ny Baiboly ary vakio ireo andininy fanampiny momba ny Sabata ao amin'ny Testamenta Taloha.

*Olana 2: Ny Sabata dia mitoetra ho manan-danja manerana ny Testamenta Vaovao.* Araho ny Sabata

manerana ny Testamenta Vaovao. Asaivo vakian'ny terem-panahy amin'ny feo mafy ny Matio 12:9-12; Marka 6:2; Lioka 6:1-5; Asa 13:14, 27, 41-45; Hebreo 4:8-10. Nitandrina ny Sabata tahaka ny mpianany i Jesosy. Mbola nanohy ny fitandremana ny Sabata ihany ny mpianatra taorian'ny fitsanganan'i Jesosy sy ny niakarany. Inona no ohatra hitanao ao amin'ireo andininy ireo sy ny maro hafa ao amin'ny Testamenta Vaovao? Ahoana no fomba nitandreman'i Jesosy sy ny mpianatra ny Sabata?

*Olana 3: Mbola manan-danja sy tena ilaina amin'izao fotoana izao ny Sabata.* Fantatrao ve fa raha toa ka manao fikarohana ny teny hoe "Sabata" ao amin'ny seha-pikarohana "Google" ianao dia ahita valiny eo ho eo amin'ny 52.600.000?* Raha toa ka tadiavinao ao amin'ny "Facebook" ny teny hoe "ny Sabata" dia hivoaka eo ny lohahevitra isan-karazany momba ny Sabata, ny sasany miady hevitra momba ilay andro, ny sasany kosa manandratra ny fahatsaran'ny Sabata fitsaharana. Raha ny didy folo iray manontolo no jerena dia tsy misy tena mahaliana indrindra tahaka ny didy fahefatra. Araka ny hevitrao, inona no mahatonga ny Sabata hiteraka ady hevitra be toy izany?

Nisy manam-pahaizana sasany nifanaiky hoe isika dia tokony hivavakaamin'ny andro izay nitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty. Tsy nanome izany soso-kevitra izany akory anefa i Jesosy. Inona no nolazain'i Jesosy mahakasika ny didy folo? Asaivo vakian'ny terem-panahy amin'ny feo mafy ny Matio 22:34-40.

---

* As of January 1, 2012.

Raha zaraina ny foto-kevitry ny didy dia azo sokajiana ho roa izy ireo: fanompoana an'Andriamanitra ary fitiavana ny olona. Nomen'Andriamanitra antsika ny Sabata. Nitandrina ny Sabata i Jesosy. Ambaran'ny Hebreo 13:8 fa i Jesosy dia tsy miova omaly sy anio ary ho mandrakizay. Raha toa i Jesosy ka "Andriamanitra amintsika," dia tena misy zavatra izay tsy miova omaly sy anio ary ho mandrakizay tokoa.

**Fomba Fampianarana**

Azo antoka fa tsy misy zavatra mahafaly aok'izany ny mambra ao anatin'ny kilasinao, mihoatra noho ny fihetsehampo mivaivay izay miseho rehefa nolalovan'ny fitsipika ara-Baiboly izay mahatonga saina sy azo ampiharina avy hatrany eo amin'ny fiainana. Rehefa miverina hatrany izany dia tsy andrin'ny mambra izay iarahan'ny kilasinareo mivory. Ny mpampianatra mahomby dia mandalina ny tsirairay avy amin'ireo "Andininy Fototra" ara-Baiboly nomena, amin'ny alalan'ny fametrahana fanontaniana hoe: *Inona? Noho izany? Dia ahoana amin'izay?* Raha lazaina amin'ny teny hafa dia hoe: "Inona no resahana ato amin'ity andalana ity?" "Inona no maha-zava-dehibe ny nampidiran'Andriamanitra azy io ao amin'ny Baiboly?" ary "Inona no ataoko eo anatrehan'ireo foto-kevitra ireo satria efa fantatro izy ireo ankehitriny? Ahoana no fomba

hametrahako azy ireo eo amin'ny asako ny Alatsinainy maraina, na eny an-dalana hody ao anaty fiarakodia?"

### Mampihatra eo amin'ny fiainana

Niparitaka teny rehetra teny ny ady hevitra momba ny fomba fitandremana ny Sabata nanditry ny tantara. Inona no mahatonga ny Sabata mbola hitoetra sy miha-manan-danja mihitsy aza?

Omeo dika mitovy amin'ny "Inona no Nataon'i Jesosy" (Takila Fanampiny) ny mambra tsirairay avy. Asaivo tanisan'izy ireo eo amin'ny tsanganana iray ny fomba nitandreman'i Jesosy ny Sabata. Asaivo apetrany eo amin'ilay tsanganana iray kosa ny fomba hanahafan'izy ireo an'i Jesosy eo amin'ny fitandremana ny Sabata.

### Manangona ny hevitra mahakasika ny zava-bita

Omeo dika mitovy amin'ny "Mankasitraka ny Sabata" (Takila Fanampiny) ny mambra tsirairay avy. Rehefa izany dia hangony ny dika mitovy amin'ny "Manangona ny Hevitra" izay maneho ny fankasitrahan'ny mambra ny Sabata.

Lesona 6

# MITANDRINA NY SABATA

## Mandalina ny loharanon-kevitra

Eksodosy 16; Deoteronomia5:12-15; Nehemia 13:15-22; Isaia 58; Matio 12:1-14; Lioka 4:16-21; 13:10-17; 23:52-54; Apokalypsy 1:9-18

## Mametraka ny tanjona iriana

Ny mambra ao anatin'ny kilasy dia:

●Hamantatra ny antony mahatonga ny Sabata ho tena "fahafinaretana" araka ny fanandraman'ireo nitandrina ny Sabata tamim-pifaliana.

●Hamantatra ireo safidy amin'ny fitandremana ny tena Sabata.

●Hianatra hanandrana ny Sabata amin'ny maha-fanafody manasitrana ny fahazarana manimba azy io, tahaka izay nanahiran-tsaina an'Andriamanitra tao amin'ny Isaia 58.

## Mifantoka amin'ny filàn'ny mambra vaovao

Zava-dehibe tsy tokony hadinoina ny hoe, raha toa ianao ka mpampianatra nobeazina tao anatin'ny finoana Advantista dia azo antoka fa tsy dia mahalala firy na tsy mahalala mihitsy ny fiovana ara-kolotsaina tampoka handalovan'ny mambra vaovao ianao, izay hampitandremana azy ny andro Sabata ho masina. Tsy misy matory maraina intsony rehefa Sabotsy, tsy mijery ny

sary miaina mpandeha isaky ny Sabotsy maraina intsony, tsy misy lalao baolina kitra iarahana amin'ny any am-pianarana, tsy misy "golf", tsy misy fiantsenana, tsy misy manapaka bozaka, sy ny sisa rehetra. Tsy, tsy, tsy. Aza, aza, aza.

Ny tena ilain'ilay mambra vaovao ao amin'ny kilasinao izany dia ny ahita tombotsoa maro mahafapo araka izay tratra, izay hanolokolo azy ireo ahita fifaliana. Eo am-panomananao ity lesona ity dia mety te hilaza manokana ny fijoroanao vavolombelona momba ny maha-andro mahafinaritra ny Sabata ianao. Inona no mahatonga anao tsy velona raha tsy misy Sabata? Ny fianarana ataon'ny kilasy dia tokony hivelatra lavitra mihoatra noho ny "fitandremana ny Sabata noho ny amin'ny lalàn'Andriamanitra azy io," ho amin'ny hoe: "Tratra manan-danja nomen'ilay Mpanjakan'izao tontolo izao antsika io andro io, hankafizo!"

## Manomana ny fitaovana

●Vakio dieny izao ny "Mampihatra eo amin'ny fiainana" (jereo etsy ambany) mba ahatonga anao hoe vonona tsara amin'ny "Fanadihadiana ao anaty Filazam-Baovao."

●Taratasy kely sy valopy, izay ampiasaina hanangonana ny hevitry ny olona amin'ny farany, ary tsy mitonona anarana.

●solaitrabe na taratasy lehibe fanoratana.

●Valin'ny fanontaniana ao amin'ny fizaràna "Fitsapam-Pahaizana": 1-D, E; 2-F, G; 3-F, G; 4-A; 5-D, E; 6-D, E.

### Miomana hanomboka

*Safidy A:* Ampahatsiahivo ny mambra ao anatin'ny kilasy hoe ny lohatenin'ny lesona tamin'ny herinandro lasa dia hoe: "Mhahatakatra Tsara momba ny Sabata." Anontanio raha mbola misy fanontaniana iray na roa tian'ny kilasy hampitomboana ny fahalalana ny Sabata.

*Safidy B:* Apetraho amin'ny kilasy izao fanontaniana izao: Lazao ahy ny momba ny fotoana nahafaly anao indrindra teo amin'ny fiainana. Inona no nahatonga izany andro izany ho nahafaly kokoa ny sisa rehetra?

### Mikatsaka ao anatin'ny Teny ary mifanakalo hevitra momba ny olana

Asaivo sokafan'ny mpianatra ao amin'ny Isaia 58 ny Baiboliny. Mariho fa maro ny Kristiana mahay tsianjery ireo andininy roa amin'io toko io, kanefa tsy namaky ny sisa rehetra amin'ilay toko kosa. Marina tokoa fa namporisika ny mpihaino azy hampitsahatra ny fanitsahana ny Sabata (verse 14) i Isaia, kanefa nambarany ato amin'ity toko ity ihany koa ny fahotana izay naneho fa tsy nahitsy ny fon'ireo izay nihaino azy.

Ampiaraho tsiroaroa ny ankizy ary asaivo manao lisitry ny "zavatra tsy tantin'Andriamanitra", dia ireo zavatra ratsy izay tsy avelan'Andriamanitra ataon'ny olona. Mariho fa ho hitan'izy ireo ato amin'ity toko ity hoe maro

amin'ireo zava-dratsy no nampifanarahana tamin'ny fombam-pivavahana nahazatra teo amin'ny fifadian-kanina. Mba ahafahana mamantatra ny asa ratsy ihany koa dia mila miverina amin'ny fiezahana mamantatra ny zavatra tian'ny Tompo ataon'ny olombelona isika. Ao amin'ny andininy 10 ohatra, no ahitana ny famporisihan'ny Tompo ny olona ho amin'ny famokisana ny noana, izay maneho hoe misy olona mamihina ny fanananany foana na dia misy olona tsy manan-kiahy aza manodidina azy ireny.

Asaivo manao tatitra ireo niaraka tsiroaroa aorian'ny minitra vitsivitsy. Eo am-panaovan'izy ireo izany dia tanisao mitsangana eo amin'ny sisiny ankavanan'ny solaitrabe na taratasy lehibe fanoratana, ny zavatra rehetra "tsy tantin'Andriamanitra", ary aza hanoratana ny ikàna ankavia.

Raha vao feno io lisitra io dia asaivo mankeny aloha miaraka amin'ireo "toetra" mitaona ny olona hanao ireny fihetsika ireny, izay terem-panahy. Tondroy ilay toetra ratsy voalohany eo amin'ny lisitra ary anontanio hoe inona no fihetsehampo mety niteraka azy io. Soraty ny valiny ary manaova sary zana-tsipika mampifandray izany amin'ilay zava-bita izay faritany.

Mikisana kely eo amin'ny toerana mbola malalaka eo amin'ny solaitrabe na taratasy lehibe fanoratana. Soraty ao anaty boribory eo ny teny hoe "Sabata". Manaova sary maneho ireny faritra fametrahana ny teny lazain'olona amin'ny tantara anaty boky ireny, miainga avy eo amin'io boribory io. Mariho hoe koa satria ny Sabata no fehin'ny

niantsoan'Andriamanitra ny olony, dia mety hanana fanafana ho an'ireo toetra ratsy notanisaintsika ireo izy io. Asaivo ambaran'ny kilasy hoe manao ahoana ny hatsaran'ny fitandremana ny Sabata-keeping eo anatrehan'ny fitivantena (ohatra). Resaho tsirairay avy ireo toetra ratsy ireo ary mitariha fifanakalozan-kevitra momba ny fomba ahatonga ny Sabata ho fanasitranana ny fanahy ho azy ireo tsirairay avy.

**Fomba Fampianarana**

Rehefa manomana ny fampianarana ity kilasy ity ianao (sy ireo kilasy hafa hampianarinao ihany koa), dia tadidio fa: Tsy misy maha-diso amin'ny fahanginana kely fieritreretana taorian'ny nametrahanao fanontaniana. Raha toa ka fanontaniana tsara sy misokatra no napetrakao dia azo antoka fa mety hisy  valiny ihany, fa raha amin'ny ankapobeny na mampanontany tena be kosa ilay fanontaniana, dia aoka aharitra mihitsy ny fahanginana. Mila fotoana hieritreretana ny olona. Aza manana fahazaran-dratsy mametraka fanontaniana kanefa dia ianao ihany no mamaly avy hatrany izany. Hampikatona ny saina izany sady hihaino fotsiny ny mpianatra, ary hamela anao hanohy ny lahateny ihany. Ny valim-panontaniana mora tadidy indrindra dia izay novolavolain'ny mambra ao anatin'ny kilasy tao an-tsainy ary navoakany am-bava.

## Mampihatra eo amin'ny fiainana

Hitantsika tamin'ny fiandohan'ny herinandro ny mambra telo na efatra (na mihoatra) avy amin'ny fiangonana (isambatan'olona na mpivady) izay hita fa toa tsy nahandry izay hihaonany isan-tsabata ary nanao izany ho fahafinaretana. Mifidiana olona avy amin'ny sokajin-taona isan-karazany ary ampidiro ao ny ray aman-dreny miaraka amin'ny zanany. Asao ho vahinin'ny "fanadihadiana ao anaty vaovao" izy ireo, ary hametrahan'ny mpianatra fanontaniana amin'ny alalan'ny toromarika hita ao amin'ny Takila Fanampiny. Omeo an'ireo "vahiny" ireo mialoha ny dika mitovy amin'ny taratasy fenoina. Amporisiho izy ireo hamaly ny fanontaniana amin'ny alalan'ny fanandraman'ny tenany manoka sy ny Soratra Masina.

## Manangona ny hevitra mahakasika ny zava-bita

Rehefa hifarana ny kilasy dia soraty eo amin'ny solaitrabe na taratasy lehibe fanoratana ireto fanontaniana roa ireto: *Nanampy anao ve ity kilasy ity? Misy soso-kevitra ve?* Omeo ilay taratasy kely ny mpianatra tsirairay avy ary amporisiho hanoratra fehezanteny iray na roa ao anatin'izany, hamaliana ireo fanontaniana ireo, ary ampidirina ao anatin'ilay valopy efa nomenao azy mialoha izany. Hifanakalozy hevitra any aoriana kely ireo valiteny ireo.

Lesona 7

# MANAO FAMPIHARANA ARAHANA FANKASITRAHANA

## Mandalina ny loharanon-kevitra

Levitikosy 27:30; Malakia 3:8-10; Matio 6:19-20; II Korintiana 9:7; I Mpanjaka 17:8-14

## Mametraka ny tanjona iriana

Ny mambra ao anatin'ny kilasy dia:

●Haneho hoe mazava aminy ny fanaovana fanandramana ny amin'ny fitahiana amin'ny alalan'ny famerenana ny ampahafolony sy ny fanatitra amin-kalalahana.

●Hazoto hamerina ny amphafolony sy ny hanome fanatitra an-tsitrapo avy amin'ny fo.

●Ahafantatra fa ny famerenana ny ampahafolony sy ny fanatitra dia asa fanompoana an'Andriamanitra.

## Mifantoka amin'ny filàn'ny mambra vaovao

Vitsy amin'ny mambra vaovao no efa zatra manao io famerenana ny ampahafolony io na ny fanolorana ara-potoana. Mety voafetra be ny fidiram-bolan'ny sasany. Zava-dehibe anefa ny fitondrana ny mpino vaovao miandalana amin'ny fifaliana eo amin'ny fanandramana ireo fahagagana isan'andro ao anatin'ny fiarahana amin'Andriamanitra. Ny fananana fiainana tsy misy fitiavantena no tokony hifantohana, fa tsy ny fampiharana ilay fomba vaovao amin'ny maha-andraikitra takiana azy fotsiny.

Manomana ny fitaovana

●Omeo valopin'ampahafolony avokoa ny mambra tsirairay avy.

●Valin'ny fanontaniana ao amin'ny fizaràna "Fitsapam-Pahaizana":1-A; 2-A, B, E; 3-A, B, D.

**Teaching principle**

Tsy hoe mila mandray fahalalana fotsiny ihany ny olon-dehibe, fa mila manatanteraka izany ihany koa. Ny fanontaniana ahazoana valiny tsy dia mamokatra dia mifantoka amin'ny fototr'ilay fahalalana fotsiny ihany. Na izany aza anefa dia tsara ny mitarika izany ho amin'ny fifanakalozan-kevitra izay hanambàrana ny tsara ho fantatra rehetra eo amin'ny fiainana. Mampiasà fanontaniana izay mampisoka-tsaina, mitarika ho amin'ny fampiharana, ary mampivelatra ny finoana. Tsy tokony hisy fanontaniana hampitahotra na ankapobeny loatra, fa tokony hanokatra fifanakalozan-kevitra eo amin'ny sehatry ny fanandramana isan'andro hatrany izy ireny. Ny tanjon'ny mpampianatra dia ny hitondra ny fitsipika ara-panahy eo amin'ny mpianatra ny zava-panahy mba ahatonga azy ireo hampiasa azy ireny. Mora tontosaina eo amin'ny sehatry ny fiarahamonina izany, amin'ny alalan'ny ohatra izay maneho sy manazava ny fomba fampiharana ireny fitsipika ireny.

## Miomana hanomboka

*Safidy A:* Ampahatsiahivo ny mambra hoe rehefa nifarana ny fianarana natao omaly dia nanontaniana ireo mambra vaovao raha toa ka nanampy azy ireo ilay kilasy fandalinana ara- Baiboly. Omeo fotoana ampy hifanakalozan-kevitra momba ny olana izay mety miseho amin'ny valin'ity fanontaniana ity izy ireo: Ahoana no fomba hanaovanao ity kilasy ity ho lasa mpanampy be be kokoa?

*Safidy B:* Inona ireo zavatra mety ataonao raha toa ka omena fanomezana dôlara 10 tapitrisa? Mariho ny fitiavan'ny olona niova fo te hizara. Izany no mitondra antsika ho eo amin'ny fandinihana ny tranga iray nanomezana antsika fanomezana mihoatra lavitry ny dôlara 10 tapitrisa ary fifaliana ho antsika mihitsy ny mizara izany amin'ny hafa.

## Mikatsaka ao anatin'ny Teny ary mifanakalo hevitra momba ny olana

*Olana 1: Ny olana eo amin'ny Fo.* Ny fanolorana fanatitra amin'ny maha-fihetsika maneho fanompoana izany, sy ny fanolorana fanomezana ho an'i Jesosy, dia mifantoka amin'ny foto-kevitra fa ilay fo voaova dia te hankasitraka amin'ny alalan'ny fanolorana indray (I Jaona 4:19). Ezaho ampiana hisaintsaina momba ny zavatra tao am-po sy tao an-tsain'i Abrahama sy i Jakoba ny mambra. Rehefa izany dia vakio ny fitantarana ara-Baiboly ary hifanakalozy hevitra ireto fanontaniana manaraka ireto: (1) Heverinao fa ny herin'ny tenan'i Abrahama ve no

namonjeny an'i Lota? (2) Araka ny hevitrao, inona no nahatonga azy hanome an'Andriamanitra ny ampahany tsara indrindra? (Hazavao hoe navelan'i Abrahama hisafidy izay tsara indrindra ny mpisoronabe.) (3) Araka ny hevitrao, ahoana no nahazoan'i Abrahama tombotsoa tamin'ny nanolorany ho an'Andriamanitra mialoha kanefa tsy naka ho an'ny tenany izy? (4) Araka ny hevitrao, tamim-pimonomononana ve sa tamin-kafaliana no namerenan'i Abraham ilay ampahafolony? (Jereo ny II Korintiana 9:7.) (5) Araka ny hevitrao, ahoana no nahatonga ny nofin'i Jakoba hisy heviny be taminy? (6) Efa nahatsapa fitahiana na marika avy amin'Andriamanitra tao anatin'ny fotoana tena nilàna izany ve ianao? (7) Heverinao fa mila finoana avy amintsika ve ny fametrahana an'Andriamanitra ho loha-laharana eo amin'ny fanomezana atolotsika amin'izao fotoana izao, noho ny tamin'ny andron'i Abrahama sy Jakoba?

Io karazana fanontaniana io mihitsy no hanampy ny mambra amin'ny fiainana ny fanandraman'i Abrahama sy Jakoba. Rehefa mametraka ny tenany amin'ireny fanandramana ireny izy ireo dia lasa mandray fanapahan-kevitra mifanaraka amin'ny baikon'ny fony fony izay voaova, ary manome amin'ny maha-fanompoana izany.

Ny fihetsika nasehon'i Maria naneho fanolorantena dia tahaka ny valiny nivoaka avy ao am-po. Fanaon'ny vehivavy avy any amin'ny faritra Afovoany Atsinanana ny mivimbina zava-manitra amin'ny tavoara, hovarotany raha sendra mila vola izy. Notombanan'ny manam-pahaizana ny sandan'ny vola tokony ho azon'i Maria tamin'io zava-manitra io, ary nitovy tamin'ny karama nandritry ny

heritaona izany. Amin'ny alalan'ny fanontaniana sy ny fifanakalozan-kevitra no azon'ny mpampianatra hitaomana ny sain'ny mpianatra hisaintsaina ny amin'ny fitiavana sy ny fandraisana fitiavana avy amin'i Jesosy, izay mitondra fiarovana lehibe mihoatra noho ny harena ara-materialy. Ohatra: Inona no tianao, dôlara iray tapitrisa sa ny zavatra rehetra ahazoanao antoka ny fiainana mandrakizay?

Eo am-panehoanareo sy hifanakalozanao hevitra momba ireo olana roa ireo dia asaivo vakian'ny terem-panahy amin'ny feo mafy ny andininy voalaza ao anatin'ireny fonon-teny rehetra ireny.

*Olana 2: Ny fanalahidin'ny olana ara-bola.* Tsy misy fanontaniana mipetraka momba ny fahafahan'Andriamanitra na ny finiavany hanampy eo anatrehan'ny olantsika ara-bola. (Sal 50:10; III Jaona 1:2). Vitan'Andriamanitra ny miteny avy hatrany dia àry avokoa ny zava-drehetra ilaintsika ary mihoatra noho izany aza. Ny ankabeazan'ny fahagagana lehibe nataony dia tamin'ny andron'ny mosary, ary teo amin'ny fisehoan-javatra izay toa tsy ho tanteraka mihitsy raha araka ny fihevitra maha-olombelona. (I Mpanjaka 17:8-14; Eks. 14:9-14). Na izany aza anefa dia mila mampiasa finoana ihany (Marka 9:23; Heb. 11:6) isika mba ahatsapana ny fahagagany. Ny famerenana ny ampahafolony sy ny fanolorana fanatitra an-tsitrapo ho an'Andriamanitra mialohan'ny handoavana ny trosa rehetra dia mitaky finoana miasa. Na izany aza anefa dia manasa ny mpino hizaha toetra ny Tenany Andriamanitra; handray Azy amin'ny Teniny ary hitaky izany. Ny teny fikasana dia milaza hoe hovohan'Andriamanitra ny varavaran'ny lanitra ary

hampidininy ny ftahiana manana amby ampy ho antsika. (Mal. 3:10).

Mitaky finoana matanjaka ny fiarahana amin'i Jesosy amin'ny fotoana mety hitera-doza. Rehefa mandinika ny fahatanterahan'ny teny fikasany isika, izay miverimberina ara-potoana eo amin'izao tontolo izao, dia mitombo ny finoantsika. Ny teny fikasan'Andriamanitra dia tsy vitan'ny hoe hanolotra izay zavatra ilaina fotsiny, fa hampandroso antsika ihany koa raha toa ka apetratsika alohan'ny filàna ara-materialy Izy.  (Deot. 29:5; Ohab. 11:25).

*Olana  3: Ny vahaolana eo anatrehan'ny fitiavantena.* Ny olombelona dia nateraka teo anivon'ny tontolo feno fahotana, ary tia tena hatrany am-bohoka. Mitomany ny zaza mba hanamarihany ny zavatra ilainy, ary mbola kely ny ankizy dia efa mahay ny dikan'ny teny hoe "ahy." Mandeha ho azy eo amin'olombelona ny mihazona izay ananany sy tsy mizara ny hareny. Ny olana mantsy dia ho levona avokoa ny zavatry ny tany. (Ohab 23:5; II Pet 3:10). Tsy mitondra fiarovana tena izy izy ireny. Nazavain'i Jesosy tao anatin'ilay fanoharany momba ilay lehilahy mpanan-karena adala izany. (Lioka 12:16-21).

Ny fiarahamonin'ny lanitra dia fiarahamonim-pitiavana, izay hitahiana kokoa ny manome noho ny mandray (Asa 20:35). Ny fahalalan-tànana miverimberina (I Kor 16:2) no fomba ahazoantsika maneho tsy fitiavan-tena hatrany. Rehefa manokana ny anjaran'Andriamanitra avy amin'ny vola miditra amintsika isika mialohan'ny fiheverana ny filàn'ny tenantsika, dia toa mifanohitra amin'ny fihetseham-pontsika maha-olombelona izany, kanefa hianarantsika amim-pitiavana ny fahaizana mitahy

ny hafa. Hianrantsika amin'izany fa ny fanolorana no lalànan'ny fiainana.

### Mampihatra eo amin'ny fiainana

Mangataha olona terem-panahy hijor ho vavolombelona momba ny fomba nitahian'Andriamanitra antsika teo amin'ny famerenana ny ampahafolony. Aza avela ho mpihaino fotsiny ny olona fa amporisiho izy hitazona an'Andriamanitra amin'ny teniny ary hizaha toetra Azy amin'ny alalan'ny famerenana ny ampahafolony sy fanolorana fanatitra. Ny fotoan-tsarotra izay iainantsika no mahatonga ny fahagagana ho tena goavana tokoa.

### Manangona ny hevitra mahakasika ny zava-bita

Omeo fotoana hamaliana ny fanontaniana ao amin'ny "Fitsapam-Pahaizana" Zoma ny mambra. Aoka ianareo hanana boaty na valopy tsy ahatazanana ny ao anatiny, hametrahan'ny mambra ny taratasy avy nofenoiny rehefa hivoaka ny efitrano fianarana izy. Tsy tokony atolony anao mivantana izany taratasy izany, mba hisorohana ny maha-tsiambaratelo azy.

Lesona 8

## MIVELONA AMIM-PAHASALAMANA

### Mandalina ny loharanon-kevitra:

Genesisy 7:2,3; Eksodosy 15:26; Levitikosy 11:1, 2; Deoteronomia28:58-60; Daniela 1:6-21; Lioka 7:16; Jaona 10:10; I Korintiana 6:19, 20; II Korintiana 12:7-10; Filipiana4:8

### Mametraka ny tanjona iriana

Ny mambra ao anatin'ny kilasy dia:

●Hampifandray mazava tsara ny fahasalamany ara-batana sy ara-tsaina ary ny fifandraisany amin'Andriamanitra.

●Hahatakatra ny antony hampianaran'ny Baiboly momba ny fahasalamana.

●Hametraka tanjona azo tratrarina tsara eo amin'ny fanatsarana ny fahasalaman'ny tenany manokana.

### Mifantoka amin'ny filàn'ny mamabra vaovao

Tena fihaikana tokoa ho an'ny mambra vaovao ny fomba fiaina mahasalama ao amin'ny Advantista. Tsy vitan'ny hoe mitandrina fatratra ny zavatra hohaniny sy sotroiny izy ireo, fa dia manao izany fanovàna izany mihitsy eo anivon'ny fianakaviany sy ny fiarahamonina misy azy. Mila ampaherezina izy ireo ary omena fotoana hanaovany izany fanovàna izany araka izay fetra mety aminy. Tokony hitady fomba mifanaraka amin'ny zava-misy, mafana, ary malefaka, hanazavana ny fomba fiainany

vaovao amin'ny namany sy ny fianakaviany izy ireo, hamantatra fomba vaoavo fikarakarana sakafo, ary hamantatra ny zavatra fitondra rehefa miara-misakafo. Mety mila fomba vaovao izy ireo hifandraisany amin'ny namany taloha. Mety ilain'izy ireo ny mianatra momba ny fanazaran-tena, tanamasoandro, rivotra madio, rano, torimaso ampy, ary fampihenana ny rarintsaina. Mety hanampy bebe kokoa ny fisaintsainana momba ny hetsika iarahana amin'ny besinimaro (toy ny fihanihana tendrombohitra sy ny fomba fahandro sakafo tsy misy hena) ao amin'ny fiangonana misy anao, izay manolokolo ny fahasalamana amin'ny alalan'ny fomba tsara, mahafinaritra, ary feno fifandraisana.

## Manomana ny fitaovana

- Fiarakodia kilalao sy/na tari-dàlana fanamboarana fiarakodia
- Mozika fiderana malefaka
- Solaitrabe na taratasy lehibe fanoratana
- Dika mitovy amin'ny "Ny Safidy Mahasalama Ataoko" sy ny "Ahoana no Fomba Fanohananay ny Safidy Mahasalama Noraisinao' (Takila Fanampiny).
- Valin'ny fanontaniana ao amin'ny fizaràna "Fitsapam-Pahaizana": 1-A; 2-D; 3-D.

## Miomana hanomboka

*Safidy A:* Omeo taratasy fotsy sy penina ny isambatan'olona. Asaivo mitanisa zavatra 25 izay nisaorany an'Andriamanitra tamin'ny herinandro lasa ny mpianatra

tsirairay avy. Asaivo mizara izay zavatra tsy mahazatra indrindra ao anatin'ny lisitrany ny tsirairay avy.

*Safidy B:* Ampiaraho tsiroaroa na tsitelotelo ny tarika. Omeo taratasy kely fotsy 20 ny tarika tsirairay avy, miaraka amin'ny markera. Omeo telo minitra ny isan-tarika hitanisany ny safidiny eo amin'ny fomba fiaina, faran'izay be indrindra vitany, ary soraty amin'ny taratasy iray ny fomba fiaina iray, oh: misotro rano 8 vera isan'andro; manao fanazarantena tsy tapaka; mihinana didim-boankazo sy legioma 5 hatramin'ny 10 isan'andr, sns.

Rehefa tapitra ilay telo minitra dia asaivo alahatry ny tarika ireo taratasy kely ireo, arakaraky ny maha-zava-dehibe azy eo amin'ny fananana fomba fiaina mahasalama. Asaivo mifampijery ny lisitrany izy ireo ary mifanakalo hevitra momba ny zava-baovao hita sy ny heviny.

## Mikatsaka ao anatin'ny Teny ary mifanakalo hevitra momba ny olana

Asehoy ilay fiarakodia kilalao sy/na tari-dalana momba ny fanamboarana fiarakodia. Apetraho amin'ny mpianatra izao fanontaniana izao: raha toa ka omen'ny namana iray fiarakodia Porsche hambenana mandritry ny heritaona ianao, dia hanao ahoana ny fomba fianaranao miambina tsara azy io? Inona no zavatra hafa ataonao hikarakarana uilay fiarakodia?

*Olana 1: Inona no mampifandray ny fahasalamako ara-btana sy ny ara-panahiko?* Vakio mafy ny Genesisy 1:26, 27; I Korintiana 6:19, 20 iarahan'ny kilasy iray manontolo, ary alefaso manditry ny telo minitra ilay hira fiderana. Asaivo misaintsaina mangina momba ny

nanamboaran'Andriamanitra azy araka ny endriny ny mambra tsirairay avy, sy ny Fanahy Masin'Andriamanitra mitoetra ao anatin'izy ireo. Rehefa tapitra ny telo minitra dia manokàna fotoana fohy hiresahana momba io fanandramana io.

Hifanakalozy hevitra ireto manaraka ireto:

●Ahoana no mahatonga ny fifandraisanao ara-batana sy ny ara-panahy miaraka amin' Andriamanitra, izay hanova ny lanja apetratsika ho an'ny vatantsika.

●Ahoana no mahatonga ny safidy ara-pahasalamana ataontsika hiantraika amin'ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra ary inona no fiantraikan'ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra eo amin'ny safidy mahasalama ataontsika?

Asaivo vakian'ny terem-panahy amin'ny feo mafy ny Jaona 10:10. Ahoana no fomba fanomezan'ny fitiavana sy ny fanarahana an'i Jesosy fiainana be dia be kokoa, sy manan-karena, ary feno amin'ny lafiny rehetra?

*Olana 2: Ahoana no fomba nanampian'Andriamanitra antsika hianatra hikarakara omba ny fahasalamantsika?* Asaivo vakian'ny terem-panahy amin'ny feo mafy ny Genesisy 7:2,3; Eksodosy 15:26; Levitikosy 11:1, 2; Deoteronomia 28:58-60; Daniela 1:6-21; Filipiana 4:8. Rehefa izany dia resaho ao amin'ny kilasy ireto manaraka ireto na zarao amin'ny tarika madinika tsirairay avy ny fanontaniana ary asaivo manao tatitra manoloana ny kilasy iray manontolo.

●Inona no antony naha-zava-dehibe tamin'Andriamanitra ny nanomezany toromarika mazava

ny Israelita momba ny fomba fiaina mahasalama fony izy ireo vao niala tany Egypta?

●Inona no azontsika hianarana avy amin'ny fifandraisana misy ara-tsakafo, sy ny ara-batana, ary ny ara-tsaina, eo amin'ilay tantaran'i Daniela sy ny namany?

●Inona no azontsika hianarana momba ny nikarakaran'i Paoly ny fahasalamantsika ara-tsaina?

Hifanakalozy hevitra ao anatin'ny kilasy iray manontolo ity:

●Inona no mahatonga ny Advantsita ho liana fatratra amin'ny fikarakarana ara-pahasalamana, asa fanompoana ara-pahasalamana, ary famporisihana ny olona hanana fomba fiaina mahasalama? Inona no loza mety ateraky ny fifantohanao be loatra amin'ny fahasalamanao sy ny fahasalaman'ny hafa?

*Olana 3: Ny fifandraisana misy eo amin'ny finoana sy ny fanasitranana.* Asaivo vakian'ny terem-panahy amin'ny feo mafy ny Salamo 103:1-5; Matio 15:30; Jakoba 5:14-16; II Kor 12:7-10. Fantatr'i Paoly hoe nisy tanàna izay nanasitranan'i Jesosy ny olona narary sy ny kilemaina rehetra. Ny vavaka nataon'i Paoly dia nahasitrana olona maro, nahavita nanangana olna tamin'ny maty mihitsy aza. Na nahery toa inonna aza anefa ny vavaka nataony dia mbola velona tao anatin'ny fanaintainana ara-batana ihany i Paoly, dia ny tsilo teo amin'ny fiainany izany.

Mifidiana olona terem-panahy hilaza ireto fiheverana sy fahatsapana tao amin'i Paoly ireto fony izy mbola niharitra ihany na dia efa nanam-pinoana sy nivavaka aza. Soraty eo amin'ny solaitrabe na taratasy lehibe fanoratana ny hevitr'izy ireo. Rehefa izany dia asaivo saintsainin'ny

mpianatra ny antony nahatonga an'Andriamanitra nifidy ny tsy hanala ny fanaintainan'i Paoly, ary soraty eo amin'ny taratasy lehibe fanoratana izany.

Diniho ireto lisitra roa samihafa ireto ary hifanakalozy hevitra:

●Ahoana no hanampian'ny finoana antsika rehefa mila fansitrananaisika?

●Ahoana no anampian'ny finoantsika antsika rehefa tsy mitranga araka ny nanampoizana azy ilay fanasitranana?

●Inon no antony mahatonga an'Andriamanitra tsy voatery hanasitrana hatrany ny olona izay mivavaka sady mino hoe hanasitrana azy Andriamanitra?

●Ahoana no fomba hifanohanantsika sy hifamporisihantsika eo anatrehan'ny aretina sy ny fahasalamana, amin'ny maha-fikambanana Kristiana antsika?

**Fomba Fampianarana**

Ny fampiasana sary an'ohatra tahaka ilay fazavana nanehoana fiarakodia kely, dia fitaovana manan-danja tokoa eo amin'ny fampianarana. Nampiasain'i Jesosy tamin'ny fampianarany ny fanazavana toy ireny (jiro,mofo, ondry, voa, voninkazo, sns.) hanampiana ny mpianany amin'ny fanakarana foto-kevitra vaovao, fahalalana vaovao, ary ahatsiarovana ny lesona izay nampianariny. Fantatr'i Jesosy mantsy fa hiverina ao an-tsain'ny

mpianatra hatrany ireo lesona ireo isaky ny mahita zavatra mitovy amin'ilay sary an'ohatra nampiasaina, ao anatin'ny fiainany andavan'andro izy ireo.

### Mampihatra eo amin'ny fiainana

Omeo dika mitovy amin'ny "Ny Safidy Mahasalama Ataoko" (Takila Fanampiny) ny mambra tsirairay avy.

Amporisiho ny isam-batan'olona hametraka tanjona fohy na antonony na lavitr'ezaka izay arahana fanazavana ny antsipirian'ny dingana ilainy arahana amin'ny fanatrarany ny tanjony.

Manomeza ohantra amin'ny maha-mpampianatra anao, eo amin'ny fizarana ny tanjona ara-pahasalamana tratrarinao. Manaova hetsika tsotra ara-piarahamonina toy ny fihanihana tendrombohitra sy ny fitsangatsanganana ho an'ny mambra ao anatin'ny kilasy misy anao sy ireo namany, ary mampianara fitsipika mifehy ny ara-pahasalamana be dia be araka izay tratra.

### Manangona ny hevitra mahakasika ny zava-bita

Omeo dika mitovy amin'ny "Ahoana no Fomba Fanohananay ny Safidy Mahasalama Noraisinao" (Takila Fanampiny) ny mambra tsirairay avy.

Asaivo marihan'izy ireo ny zavatra tiany ataon'ny fiangonana mba hanampiana azy ireo hanao safidy mahasalama. Ampahafantaro azy ireo fa tsy votery ho vitan'ny fiangonana avokoa izany zavatra izany, ary tsy ataony miaraka indray mandeha, fa ianao kosa no te

hamantatra ny filàna manokana eo amin'izy ireo. Asaivo arotsany ao anatin'ny boaty efa nomanina ho amin'izany ny valitenin'izy ireo mba tsy ahitana ny anarany.

Manolora tena hiara-hiasa amin'ny ekipan'ny fahasalamana eo aminareo, mba hanatanteraka tetikasa iray hanohanana ny safidy ara-pahasalamana ataon'ny mambra vaovao.

Lesona 9

# MANAJA AN'ANDRIAMANITRA AMIN'NY ALALAN'NY FIRAISANA ARA-NOFOKO

## Mandalina ny loharanon-kevitra

Genesisy 2:21-25; Eksodosy 20:14; Tononkiran'i Solomona 4:12–5:1; Matio 5:27, 28; 19:3-6; Jaona 4:7-24; I Korintiana 6:15-20

## Mametraka ny tanjona iriana

Ny mambra ao anatin'ny kilasy dia:

●Hahatakatra ny antony namolavolan'Andriamanitra ny firaisana ara-nofo teo amin'ny olombelona.

●Ho faly noho ny amin'ny teny mifanaraka amin'ny tokony ho izy hiantsoana ny firaisana ara-nofo.

●hametraka fomba fiaina izay tsy hamela ny fampiasana teny momba ny firaisana ara-nofo tsy mifanraka amin'ny tkony ho izy.

## Mifantoka amin'ny filàn'ny mambra vaovao

Koa satria ny ankabeazan'ny mpino vaovao dia tafiditra ao anatin'ny tontolo izay tsy hampiasana fihetsika maneho ny firaisana ara-nofo firy, dia zava-dehibe ny fahalalana fa Andriamanitra dia manana fomba fijery lehibe kokoa, mahafantatra ny zava-misy, ary anisan'izany ny ara-batana, ny fahatsapana, ny ara-panahy, ary ny fomba fisainana eo anivon'ny fiarahamonina. Ny maha-Kristiana izay mifanohitra amin'ny foto-pinoana malaza eto amin'izao tontolo izao, dia tsy ahitana fangatsiahana sy

tahotra eo amin'ny fanehoana ny firaisana ara-nofo, fa manome fahafinaretana ny mpino kosa eo amin'ny fanandramana ny firaisana ara-nofo satria hita ao anaton'izany ny habe rehetra novolavolain'Andriamanitra ho an'ny maha-olombelona. Ny lesona mandritra ity herinandro ity dia hamantarana momba ny foto-kevitra ny amin'ny firaisana ara-nofo amin'ny fahafenoany, hanazavana ny antony mahatonga ny firaisana ara-nofo ataon'ny tena irery hanova ny fahafinaretana izay nirian'Andriamanitra ho an'ny firaisana ara-nofo, ary hanampiana ny mpino vaovao hametraka fiarovana izay hanampy azy handresy ny fakam-panahin'i Satana ka tsy hanaiky zavatra hafa ankoatry ny zavatra tsara indrindra napetrak'Andriamanitra.

## Manomana ny fitaovana

●Dika mitovy amin'ny "Manaja an'Andriamanitra Amin'ny Alalan'ny Firaisana Ara-Nofoko" (Takila Fanampiny) ho an'ny mambra vaovao.

●Singa fanamboarana biskitra na ohatra nalaina tami'ny haino aman-jery ao anatin'ny fizaràna "Miomana hanomboka."

●Valin'ny fanontaniana ao amin'ny fizaràna "Fitsapam-Pahaizana":1-A, B, E; 2-A, D, E; 3-ny valiny rehetra.

## Miomana hanomboka

*Safidy A:* raiso amin'ny horonam-peo na alaivo amin'ny "internet" ny hira na dokam-barotra izay maneho momba ny firaisana ara-nofo mivantana na tsia. (Azo

ampiasaina ihany koa ny Gazety boky na ny dokam-barotra any anaty Gazety). Fadio ny mampiditra zavatra mamoafady satria maro ihany ny ohatra azo ekena, izay soa ihany fa mampianatra ny fahamarinana mitovy momba ny firaisana ara-nofo. Hifanakalozy hevitra ny hafatra izay tian'ireo mpanao dokam-barotra sy mpihira ampitaina.

*Safidy B:* Zarao ireto manaraka ireto: (1) lafarinina eran'ny kaopy, (2) atody manta, (3) vanila iray sotrokely, (4) siramamy iray kaopy, (5) leviora eran'ny sotro lehibe, (6) sira eran'ny sotro lehibe, (7) vovoka kanela eran'ny sotro lehibe, ary (8) "avoine" manta eran'ny kaopy. Asaivo mihinana tanteraka izay zavatra voarainy ny mambra. Rehefa avy nandà izany izy ireo (ary azo antoka fa tsy maintsy izany no zava-mitranga!) dia hifanakalozy hevitra ny antony nandavany. Aorian'izany dia omeo biskitra vita amin'ny "avoine" izy ireo. Hifanakalozy hevitra ny antony nahatonga ny fihinanana mitokatokana ireo singa fanamboarana biskitra ho tsy nahafapo, kanefa tena natsiro aok'izany kosa ny fihinanana ilay biskitra rehefa nifangaro tanteraka ny tao anatiny. Ampifanaraho amin'ny resaka firaisana ara-nofo eo amin'ny olom-belona io fanoharana io.

## Mikatsaka ao anatin'ny Teny ary mifanakalo hevitra momba ny olana

Aoka ho tsapanao manokana ny fihetsehampon'ny mambra ao anatin'ny kilasinao. Ny sasany dia mety avy niatrika fifandraisana feno herisetra, na fihaonana nanararaotana azy, na trangan-javatra ratsy mampalahelo. Fantatr'i Satana amin'ny alalan'ny firehetan'ny firaisana

ara-nofo eo amin'olombelona no hanimbany tanteraka ny maha-izy azy io olona io, ka ataony miharitra henatra sy fahatsapana ho meloka. Fadio ny firesahana fihetseham-po manafintohina, fa aoka kosa mba amin-kalefahana no handalinanareo ny habe tsara nirian'Andriamanitra ho an'ny firaisana ara-nofo. Angataho hatrany ny fahasoavan'Andriamanitra mialoha sy mandritra ity fandalinana ity. Azo antoka fa ny resaka hifanaovan'ny mambra dia hampifoha indray ny ratra taloha, izay tokony resahana ivelan'ny sehatry ny fifanakalozan-kevitra atao anatin'ny lesona. Tsy dia tsara loatra ny fiezahana mamaha izany olana izany ao anatin'ny kilasy amin'ny maha-tarika anareo, ary tena mety hanimba izany. Hevero am-bavaka mialoha ihany anefa ilay izy ary manatona olona matianina amin'ny fanoroana hevitra, isaky ny misy fotoana hanaovana izany, ka resaho azy ny fomba fitantanana ny fisehoan-javatra ahitana ratram-po mifoha indray. Tena mety manimba mihoatra lavitra noho ny tany am-piandohana aza ny ratram-po mifoha indray.

Koa satria mety hanakivy ny mpianatrao ny fahatsapana fahamelohana sy henatra, dia ezaho ampahafantarina amin'ny fiandohana sy mandritra ny fifanakalozan-kevitra ny fahasoavan'Andriamanitra. Mampiseho fahotana maro ny I Korintiana 6:9-11 ary anisan'izany ny firaisana ara-nofo. Nambaran'i Paoly tamin'ny Korintiana mpamaky hoe: "ary mba efa toy izany ihany ny sasany taminareo". Mariho fa manana fahafahana manasitrana tsy manam-petra ny fahasoavana avy any ambony, manafaka ny olona an-tapitrisany amin'ny holatra, ary amin'ny fanandramana ratsy eo amin'ny

resaka firaisana ara-nofo. Hamafiso fa ny fiainana izay eo ambany fifehezan'ny Fanahy Masina dia manana fahefana handresy ny filàna ara-nofo. Fantaro fa ny fakam-panahy amin'ny filàna ara-nofo dia tsy ho afaka avy hatrany; ny fahasoavan'Andriamanitra tsy manam-petra anefa no hiaro antsika *avy hatrany.*

Ary mihoatra noho ny zava-drehetra dia hamafiso ireo lafiny tsara nanokanan'Andriamanitra ny fiainana ao anatin'ny firaisana ara-nofo! Ny fitiavana vokatry ny firaisana ara-nofo amin'ny lafiny tsara dia manamafy orina ny fahatsapana fahamendrehan'ny tena, mampiditra ny olombelona ao anatin'ny dingana mifanaraka amin'ny rafitra avy any ambony, manome tombotsoa hanorenana fifandraisana mivelatra eo amin'ny fianakaviana, ary ahafahantsika manolokolo ny finoan'ny taranaka amin'ny ho avy ihany koa.

*Olana 1: Ny antony namolavolan' Andriamanitra ny firaisana ara-nofo.* "Nahary ny olona araka ny endriny Andriamanitra…lahy sy vavy no namoronany azy…Ary Andriamanitra nanao tamin'izy ireo hoe: 'Maroa fara sy mihabetsaha'" (Gen 1:27, 28). "Ary noho izany ny lehilahy handao ny rainy sy ny reniny ka kikambana amin'ny vadiny; dia ho nofo iray ihany ireo. Ary nitanjaka izy mivady, dia ralehilahy sy ny vadiny, nefa tsy nahalala henatra izy." (2:24, 25).

Ny lahateny Kristiana momba ny firaisana ara-nofo matetika dia miainga amin'ny fanambaràna ireo lafiratsin'ny tsy fahatomombanana ara-firaisana ara-nofo, ka mahatonga ny mpandinika hanao tsoa-kevitra hoe ny mpino dia manohitra na matahotra ny resaka firaisana ara-

nofo. Ny firaisana ara-nofo dia heverina ho toy ny devoly angamba, kanefa ny ankabeazan'ny zavatra izay tokony atahoran'ny Kristiana dia ny fitotonganana mangina ary ny fandroahana azy tanteraka hiala amin'ny lahateny fanao imasom-bahoaka.

Fomba fiasa mahaliana! Ny Raintsika izay any an-danitra, hatramin'ny niandohan'izao tontolo izao, dia efa namorona sy nibaiko ny firaisana ara-nofo. Talohan'ny nidiran'ny fahotana dia tsy niaraka tamin'ny firaisana ara-nofo ny henatra sy fahamelohana. Ny fitanjahana anefa no nampihiratra ny mason'izy ireo, ary nanomboka nahatsapa faniriana sy fahafinaretana: "Ary hitan'Andriamanitra izay rehetra nataony, ary, indro, tsara indrindra izany." (1:31).

Mahagaga fa ny fandalinana Kristiana mahakasika ny sakafo dia tsy nanomboka tamin'ny alalan'ny fanakianana ny fitiavan-komana be loatra, ny fampitandremana ny fihinanana be loatra, n any fitarainana manoloana ny fahatavezana/fahamamoana izay mariky ny tsy fahatommbanana ara-kolotsaina. Soa ihany ny fandalinana toy izany fa nanomboka tamin'ny fankasitrahana ny fomba fisakafoanana tany am-piandohana izay naseho tao amin'ny Soratra Masina, amin'ny maha-loharanon'ny fahatsapana fifaliana sy fanohanana ara-tsakafo azy io. Amin'ny alalan'ny fanarahana ny toromarika avy any an-danitra ihany koa no tokony ampiasan'ny olona io fomba io manoloana ny firaisana ara-nofo. Noho izany, ahoana no fomba hitomboantsika ara-panahy eo anatrehan'ireo sehatra isan-karazany napetrak'Andriamanitra momba ny firaisana ara-nofo? Ampahany manao ahoana amin'ny

maha-izy azy ny tena no tokony ampiasaina hanaovana ny fampiharana amin'ny fahafenoany?

*Olana 2: Mahafantatra ireo sandoka.* Heverina fa ny mpitandro filaminana dia mahay manavaka ny tena marina amim-pitandremana; noho izany dia miseho ho azy ny sandoka. Ny fahaizana mamantatra ny fifandraisana tena marina eo amin'ny firaisana ara-nofo anefa dia tsy mahavita mampisongadina ny fitaka taon'i Satana. Tsy manam-pahaperana ny ora fandinihana ny tsy fahatomombanana eo amin'ny firaisana ara-nofo; na izany azy anefa, ny fifankazarana amin'ny firaisana ara-nofo mifanaraka amin'ny drafitr'Andriamanitra dia ahazoana tombotsoa sy fahafinaretana bebe kokoa. Tokony ho tsapan'ny Kristiana ny fahafenoan'ny fahafinaretana nomen'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny sakafo, fahitana, fandrenesana, fikasihana. Manameloka ny firaisana ara-nofo ny olona manana tsindrimandry amin'ny fahitana ny zavatra mialoha, ary mamporisika ny fandraràna ara-tsakafo tsy mifanaraka amin'ny Soratra Masina (Kol 2:20-23; I Tim. 4:1-5). Manameloka ny fanaovana azy ireny ny Soratra Masina, sady mampianatra hoe tsy manan-kery hifehezana ny fahatsapana fahamendrehana tsy mifanaraka amin'ny tokony ho izy ny fotom-pampianaran'izy ireo. Ny fanovana amin'ny alalan'ny Fanahin'andriamanitra irery ihany no mahavita miantraika hatrany amin'ny ati-fo lalina any, hananana fahadiovan-tsaina sy ara-pitondrantena. Inona no fiarovana ny tena tsy ho voatariky ny firaisana ara-nofo amin'ny olona maro sy ny firaisana ara-nofo tsy voatandrina izay hita ao anatin'ny fahazoana mazava tsara

ny drafitra napetrak'Andriamanitra ho an'ny resaka firaisana ara-nofo?

| Fomba Fampianarana |
|---|
| Misy ohatra tsara noho ity lesona ity ve eo amin'ny fanaovana izay ahatonga ho mpianatra ireo olona tiantsika taomina? Eo am-pamporisihana ny hafa hankafy ny fanandramana mazava momba ny firaisana ara-nofo eo amin'ny olombelona dia moa ve manana toerana ho an'ny fitomboana amin'ny fahafantarana sy ny fampiharana isika mpampiatra? Moa ve mirindra tsara amin'ny fahafenoany ny fifandraisantsika amin'ny malalantsika? Efa napetratsika eo ambany fifehezan'Andriamanitra ve ny toetra maha-isika antsika eo amin'ny firaisana ara-nofo? Ahoana no hamolavolan'ny "ianao vao hampihatra" fa tsy ny "ianao efa mahay" ny fomba fampianaranao ity lesona ity? |

## Mampihatra eo amin'ny fiainana

Ampiasao ny "Manaja an'Andriamanitra Amin'ny Alalan'ny Firaisana Ara-Nofoko" (Takila Fanampiny), ary hifanakalozy hevitra ny amin'ny fomba hirosoan'ny mpandray anjara ao antin'ny kilasy ho amin'ny fahafenoana (toetra izay aseho amin'ny alalan'ilay ilàny havanana amin'ny mizana). Manehoa hetsika azo ampiharina, na fampiharana, na safidy izay mety handray anjara amin'ny fananana fahalalana sy fampiharana masina

kokoa eo amin'ny sehatry ny firaisana ara-nofo. Tsindrio fa tsy misy na dia olona iray aza, eny hatramin'ny Kristiana matotra indrindra, "mahatanteraka azy rehetra ireo." Omeo tombotsoa hanehoana ny fomba fijeriny tsy mitsaratsara ireo mpandray anjara, ary aoka mba ezahanao hamafisina amin'ny Soratra MAsina hatrany ny hevitra ambaran'ny isambatan'olona.

### Manangona ny hevitra mahakasika ny zava-bita

Rehefa avy miresaka io olana io amin'ny pasitoranareo ianao dia toroy hevitra ny mambran'ny kilasy raha toa izy ka te hahazo toro-hevitra be be kokoa sady handalina ilay loha-hevitra mahaliana momba ny firaisana ara-nofo, mba hanatona mivantana any amin'ny biraon'ny pasitora ary hangataka izany.

Lesona 10

## MAHITA FANASITRANANA

### Mandalina ny loharanon-kevitra

Isaia 55:6, 7; Marka 2:13-17; Lioka 11:24-26; 18:9-14; Jaona 8:2-11; Galatiana 2:20

### Mametraka ny tanjona iriana

Ny mambra ao anatin'ny kilasy dia:

●Hianatra hamantatra ny fahazarana sy ny toetra izay mety tsy mifanaraka amin'ny fiainam-baovao izay tian'Andriamanitra iainan'izy ireo.

●Hitaky ny hery tsy hita maso izay nomen'Andriamanitra azy ireo manoloana ireny fahazarana sy toetra ireny.

●Hikatsaka fifandraisana milamina tsara miaraka amin'ny mpino hafa izay hanome hery azy hanalavirana ny hery ratsy miasa mangina sy ny fakam-panahy.

### Mifantoka amin'ny filàn'ny mambra vaovao

Inona avy ireo fitsipika? Nanomboka tamin'ny 40 taona lasa teo ho eo dia vitsy ny olona nanontany tamim-pahamatorana ny teny niampita teo amin'ny fiarahamonina, fianakaviana, ary ny fahefana ara-pivavahana, izay toa mandrafitra ny fitondrantena ara-piarahamonina na ara-piraisana ara-nofo. Ny fihetsika manoloana ny fandikàna ireny fitsipika ara-piarahamonina ireny dia miankina amin'ny fitsaràna ataon'ny tena manokana, eny hatramin'ny ratsy noho izany aza. Misy

antony kely anefa tsy tokony ampahafantarana ny olona iray ny zavatra handrasana aminy.

Na izany aza anefa, tamin'ny fiandohan'ny taonjato faha-21 dia hita fa toa nifanipaka tanteraka tamin'izany foto-kevitra izany ny antsika. Ny safidy ara-moraly eo amin'ny olona iray dia toa miorina amin'ny fihetsehampony sy ny faniriany. Araka ny nahazatra dia ny sitrapon'Andriamanitra foana aloha no katsahan'ny Kristiana, ary amin'izao fotoana izao no ahitana fa izany dia midika hoe fandavana ireo zava-drehetra heverin'izao tontolo izao ho mety kanefa mampikorontana sy mampifangaro ny kolotsain'ny olona. Sarotra izany kanefa manana Mpanampy isika.

**Fomba Fampianarana**

Rehefa tsy mivelatra ny olona iray dia lasa manana foronana hanao ny fiangonana sy ny hetsika atao ao anatiny ho toy ny karazana toerana fialam-boly tsidihana indray mandeha isan-kerinandro ary tsy misy fifandraisana amin'ny zavatra ety ivelany ireo ora roa na mahery laniana ao amin'ny fanorenanany rafitra "ara-pivavahana". Izany no nihavian'ny hoe misoratena ho Kristiana fotsiny, sy hamerezantsika ny tena maha-mpianatr'i Jesosy antsika. Izany no maha-zava-dehibe ny fampiasana hetsika fanao any an-tokatrano mandritra ny herinandro, sy ny fanehoana ny zavatra izay ampianarina any amin'ny sehatra misy izao tontolo izao.

Manomana ny fitaovana

●Dika mitovy amin'ny "Fiarovan-Tena ara-Panahy" sy ny "Ampio Izahay Mba Hanampy Anao" (Takila Fanampiny).

●Valin'ny fanontaniana ao amin'ny fizaràna "Fitsapam-Pahaizana":1-E; 2-E;3-T; 4-T; 5-E; 6-T; 7-E; 8-Tenin'Andriamanitra; 9-Vavaka; 10-Fitiavana; 11-Ny Fanahy Masina; 12-Fahasoavana; 13-Ny Fiangonana na fikambanan'ny mpino hafa. Aza dia hentitra loatra amin'ny famaritana ireo valiteny marina. Mazava ho azy fa efa misy valiny antenaintsika, kanefa raha toa ka mifidy ny valiny "diso" ilay mambra dia ezaho hanontaniana ny antony nanaovany izany.

●Omeo fotoana hifanakalozan-kevitra. Miafara amin'ny fitantarana ny momba ny tena manokana ity lohahevitra ity, kanefa ampiasao am-pahendrena ny fotoana ary miomàna hifehy ireo mambran'ny kilasy raha toa ka mitady hivoana amin'ny foto-dresaka izy.

Miomana hanomboka

*Safidy A:* Ahoana no fomba niovan'ny fomba fiainanao isan'ndro rehefa niezaka nanaraka ireo fitsipika eo amin'ny fomba fiaina maha-Kristiana ianao?

*Safidy B:* Ahoana no mahatonga ny fifandraisana amin'ny avo indrindra sy ny olombelona hanampy anao amin'ny fialana amin'ny toetra manimba sy tsy nahalala onony ary tsy miova amin'izany intsony?

### Mikatsaka ao anatin'ny Teny ary mifanakalo hevitra momba ny olana

Ny fangejan'ny zavatra iray sy ny fahazarana manimba dia samy fahita eto amin'izao tontolo izao ary indrisy fa tratrany hatramin'ny any am-piangonana ihany koa. Ny fihetsika ara-boajanahary asehon'ny olombelona eo anatrehan'ny fangejan'ny zavatra iray dia ny fampihenana ilay zavatra fotsiny, izany hoe laviny ny filazana hoe voageja izy, na heveriny tsotra izao fa tsy manao ratsy izany ny tenany. Alaivo sary an-tsaina ho enirehitra ny tranonao ary rehefa nisiditsidina teny amin'ny rivotra teny ny lelefo sy ny pitikafo dia mbola mitsangana amim-pahatoniana ao amin'ny efitrano fandraisam-bahiny ihany ianao manazava hoe tranga ara-boajanahary anie ny afo e! Izany no antsoina hoe fandavana raha ambara amin'ny fomba fiteny manoloana ny fialàna amin'izao tontolo izao sy eo anivon'ny kolotsaina amin'ny ankapobeny..

Etsy andanin'izany dia misy rahalahy kambana amin'ny "fandavana" ihany koa, tsy inona izany fa ny "fahadisoam-panantenana". Tahaka ny ilay fandavana teo aloha dia heverin'ny olona hoe tsy misy zavatra azo atao manoloana azy io, ary dia avelany hitohy ihany ilay zavatra mangeja azy, izay azo antoka fa mety hiha-faingana amin'ny endrika hafa, dia ny fitondrantena manohitra ny fiarahamonina na ny fahapotehan'ny tena izany.

Samy marina ireo fomba fijery roa ireo hatreto. Tena amphany ao amin'ny fiainan'ny olona iray tokoa ny fangejan'ny zavatra iray azy, araka ny fahafantarantsika izany. Tsy voatery ho izany foana anefa ny zava-misy. Ary

valiny mety hitombina ny fahadisoam-panantenana. Ny fialana amin'ny zavatra iray mangeja dia tena mihoatra noho ny fahefan'ny tenanao. Na dia efa somary nahavita niala tamin'ny fangejan'ny zavatra iray aza ianao dia mbola misy hafa miandry anao indray satria izany no fanandramana amin'ny maha-olombelona malemy sy tsy tanteraka ao anatin'ny tontolo feno ota.

Manaiky izany ny Kristiana rehetra. Izany hoe, izany no fototra amin'ny maha-Kristiana. Tsy mahavaita miala amin'ny zavatra mangeja antsika isika raha amin'ny alalan'ny herin'ny tenantsika manokana. Hamafiso amin'ny mpianatra anefa fa tsy tavela irery tsy misy fanampiana ny Kristiana.

Mandritry ny fanehoana ny Olana 1-3 dia asaivo mamaky ireo andininy ara-tSoratra Masina amin'ny feo izay terem-panahy:

*Olana 1: Moa ve Andriamanitra manampy ny olona ho afaka amin'ny zavatra mangeja azy?* (Marka 2:15-17) Na dia tsy nahazatra ny olona tamin'ny andron'ny Testamenta Taloha sy Vaovao aza ny foto-kevitra momba ny fangejan'ny zavatra iray, dia hita mazava fa nisy olona izay nisafidy ny hanapaka ny fifandraisany tamin'Andriamanitra sy tamin'ny olon-kafa, ary haintsika tsara fa izany no vokatra ateraky ny fangejan'ny zavatra iray. Amin'izao fotoana izao kosa anefa, ny olona "ara-pivavahana" na "manan-kaja" dia miezaka misoroka azy ireny mba tsy ahatsapan'ny tenany ho toy ny tratran'ny areti-mifindra. Hifanakalozy hevitra ireto manaraka ireto: Inona no valiteny nomen'i Jesosy ireo lona ireo? Ahoana no fomba namaliany ireo lona izay noheverina fa

mpanota, na nitondra olana ho an'ny tenany? (Matio 8:28-34; Lioka 5:20; Jaona 4:1-42)

*Olana 2: Ahoana no fomba azoko hanampiana an'Andriamanitra amin'ny fanampiany ahy?* (Galatiana 2:20) Hamafiso hoe te hanampy antsika Andriamanitra, kanefa miandry kosa ny fangatahantsika fanampiana avy Aminy Izy. (Matio 8:1-4; Marka 5:21-43; Lioka 17:11-19) Mariho fa na dia vonona hanasitrana izay marary rehetra nangataka ho sitranina aza i Jesosy dia tsy maintsy naneho ny finoan'izy ireo an'i Jesosy amin'ny maha-Izy Azy aloha izy ireny sady vonona hanaiky izay rehetra omeny.

*Olana 3: Inona avy ireo fitaovana omen'Andriamanitra antsika handresena ny fakam-panahy sy ny fangejan'ny zavatra iray?* (Efesiana 6:10-18) Hifanakalozy hevitra ny fitaovana tsirairay avy nomen'Andriamanitra voalaza ao amin'io andalana io. Ahoana ohatra no fomba hanampian'ny famehezana ny valahan'ny olona iray amin'ny alalan'ny fahamarinana antsika amin'ny fiatrehana ireo finoana sandoka izay mety hitarika antsika ho amin'ny famolavolana fahazaran-dratsy sady manimba ny fanahy?

## Mampihatra eo amin'ny fiainana

Omeo dika mitovy amin'ny "Fiarovan-Tena ara-Panahy" (Takila Fanampiny) ny mambra tsirairay avy ao anatin'ny kilasy. Amporisiho ny mambra ao anatin'ny kilasy hitady fomba ahafahana mangataka ny fanampian'i Jesosy eo amin'ny fiatrehana ny fakam-panahy sy ny fandrika izay miandry azy ireo any ivelan'ny fiangonana na ao anatin'ny fony ao ihany.

## Manangona ny hevitra mahakasika ny zava-bita

Asaivo mameno ny taratasy hoe: “Ampio Izahay Mba Hanampy Anao” (Takila Fanampiny) ny mambra mialohan’ny firavana. Hamafiso hoe tsy asiana anarana izy ireny ary hangony ao anaty boaty na valopy lehibe. Hazavao amin’izy ireo hoe manao ny tomban’ezaky ny dingana fandrosoan’ny hatsaran’ny kilasy fandalinana Baiboly isika amin’izao fotoana izao, fa tsy dia hoe misy inona firy ilàna azy ireo akory.

Lesona 11

# MANDALO NY FANANDRAMAN'NY FAMELANKELOKA

## Mandalina ny loharanon-kevitra

Matio 18:21-35; Marka 2:1-12; Lioka 5:29-32; 7:36-50; 15:20, 22-24; Jaona 8:1-11; 18:15-27; 21:15-17; Jakoba 5:16

## Mametraka ny tanjona iriana

Ny mambra ao anatin'ny kilasy dia:

●Hanao fampiharana miainga avy amin'ny tantara roa mahakasika ny famelankeloka sy ny fomba fampiharana izany eo amin'ny fiainana andavan'andro.

●Ahay hanavaka ireo karzana famelankeloka roa izay nasehon'i Kristy.

●Hisaintsaina momba ny famelankeloka ny tenany sy ny hafa.

## Mifantoka amin'ny filàn'ny mambra vaovao

Feno fahafinaretana sy fifaliana ny fahatongavana ho olom-baovao mpanara-dia an'i Jesosy Kristy. Maro ny zavatra samihafa izay mbola handalovana. Na dia efa novaina ho vaovao aza ny fiainana dia mitohy hatrany ny fihaikana mahakasika ny fiainana andavan'andro.

Ny Batisa no marika maneho hoe atolotsika ho an'i Jesosy Kristy ny fiainantsika. Na dia efa voavela aza ny helotsika dia mbola misy fiantraikany amintsika ihany ny enta-mavesatra efa nentintsika tamin'ny lasa. Ny fahatakarana fa ilaintsika ny mamela ny hafa sy ny

tenantsika no lasa ampahany eo amin'ny fitomboana ao amin'i Kristy, izay antsointsika matetika hoe fanamasinana.

Ny famelankeloka matetika dia miseho mialohan'ny fiantombohan'ny fanasitranana eo amin'ny fiainana. Ny lesona momba ny famelankeloka mandritra ity herinandro ity dia manazava momba ireo olona ara-Baiboly, izay tsy maintsy namela heloka izay vao nandray famelankeloka. Tsy ny mambra vaovao ihany no miady ahazo famelankeloka. Ny sasany tamin'ireo misionera lehiben'Andriamanitra ihany koa dia niatrika io olana io matetika, tao anatin'ny fotoana tena nilàny fanampiana.

## Manomana ny fitaovana

●Dika mitovy amin'ny "Fanalavana ny teny hoe FAMELANKELOKA" (Takila Fanampiny).

●Valin'ny fanontaniana ao amin'ny fizaràna "Fitsapam-Pahaizana": 1-E; 2-A; 3-H; 4-A; 5-G; 6-B; 7-F; 8-D.

### Fomba Fampianarana

Ny famelankeloka dia iray amin'ireo sehatra izay tena hiadian'ny mambra vaovao mafy mihitsy eo am-piezahany miaina araka ny fomba fiaina Kristiana. Mety tonga manatona an'i Kristy izy ireny rehefa avy niaina tao anaty fifandraisana tsy ara-dalàna, zava-mahadomelina, na olna hafa teo amin'ny fomba fiaina, ary olna eo anivon'ny fianakaviany mihitsy aza matetika. Ny fanomezana azy ireo fitovam-piasana ho amin'ny

dingan'ny famelankeloka no hanamafy ny dia ara-panahy hizorany.

## Miomana hanomboka

*Safidy A:* Asaivo mitanisa sarimihestika ahitana ny lohahevitra momba ny famelankeloka ny mambra ao anatin'ny kilasy. Asaivo milaza izay fotoana tsaroany hoe nahitany dingana famelankeloka tao anatin'ireny horonan-tsarimihetsika ireny izy. Ampitahao amin'ny tena zava-misy eo amin'ny fiainana (ny famelankeloka dia zava-tsarotra, ary indraindray dia tsy miverina amin'ny laoniny ny ratram-po sy ny fifandraisana) ny tranga hita ao amin'ilay sarimihetsika (Nihaona ny tovolahy sy ny tovovavy iray; nanao zavatra nandrava ny fiarahana ny iray tamin'izy ireo ary nahatezitra na nandratra ilay anankiray; namela heloka ilay ankilany izay niharan'ny tsy nety; ary nanana fiainan-tsambatra indray izy ireo avy eo). Tena mitombina ve ny fitadiavana vahaolana sy ny famelankeloka ao anatin'ny 90 minitra? Inona no fiantraikan'ny fahitana izany tao anaty sarimihetsika eo anivon'ny fiarahamonina misy antsika?

*Safidy B:* Iza no olona tsy tianao ho hita indrindra tamin'ireo olona nifanerasera taminao tamin'ny lasa? Moa ve izany vokatry ny zavatra nataony taminao? Efa tena namela tanteraka ny tsy nety nataony ve ianao? Raha eny dia inona no holazainao aminy rehefa mihaona indray ianareo?

## Mikatsaka ao anatin'ny Teny ary mifanakalo hevitra momba ny olana

Dinihana ao anatin'ny tantara anio ny filàna famelankeloka sy ny hery ananany eo amin'ny fanovana ny fiainan'ny isambatan'olona. Manokàna fotoana ampy hifanakalozana hevitra momba ny tantara tsirairay avy sy ireo mpandray anjara fototra.

*Olana 1: Rehefa tratra ambodiomby ianao.* Asaivo vakian'ny olona iray terem-panahy amin'ny feo mafy ny tantaran'ilay vehivavy azo nijangajanga (Jaona 8:1-11).

Asaivo mifanakalo hevitra momba ireto fanontaniana mampieritreritra manaraka ireto ny iray kilasy:

●Araka ny hevitrao, inona no mety tao an-tsain'ilay vehivavy rehefa notaritina nankeny amin'ny toerana nampianaran'i Jesosy izy?

●Alaivo sary an-tsaina hoe anisan'ireo vahoaka tamin'izany fotoana izany ihany koa ianao, izay nihaino an'i Jesosy nampianatra. Nanao ahoana no mety ho fihetsikao rehefa nanapaka ny teniny ireo Fariseo? Lazalazao ny fihetsehamponao teo anatrehan'ireo Fariseo sy Sadoseo, teo anatrehan'i Jesosy, ary teo anatrehan'ilay vehivavy.

●Haintsika tsara fa niezaka namandrika an'i Jesosy foana ny Fariseo sy ny Sadoseo na nanohy nitady fomba hanaovana izay hampigadra Azy. Inona no antony mahatonga ny olona manam-pahefana hampiasa izany fomba izany matetika hanandratany ny tenany? Amin'ny maha-Kristiana, inona no antony tokony hamelantsika azy ireny sy hitondrantsika azy am-bavaka?

●Heverinao ve hoe nivavaka ho an'ny Fariseo sy ny Sadoseo i Jesosy? Hazavao ny valiteninao.

●Itodiho ny endrik'ilay vehivavy teo amin'ny tany. Notapenany ny endriny ary nakimpiny mafy be ny masony teo am-piandrasana ny vato voalohany hiantefa teny amin'ny tenany. Nangina tampoka teo anefa ny zava-drehetra. Nosokafan-dravehivavy moramora ny masony ary nibanjina an'i Jesosy izy. Nahita an'i Jesosy nanoratra teo amin'ny vovoka maloto teo akaikiny izy. *Fa inona àry izany ataon'i Jesosy izany?* hoy izy nanontany tena. Dia nandre Azy niteny amin'izay izy.

●Lazalazao ny eritreriny araka ny nolazain'i Jesosy hoe "Mandehana ary mialà amin'ny fiainam-pahotanao". Araka ny hevitrao, inona no tao an-tsain'ireo vahoaka teo anatrehan'io valiny avy amin'i Jesosy io? Nitondra fanantenana ho azy ireo ve izany?

●toa mora kokoa ny mamaky tantara momba ny famelankeloka ao amin'ny Baiboly noho ny fakàna ny toeran'ny iray amin'ireo mpilalao tantara tao anatin'ny fiainana tena nisy. Rehefa mamaky ny tantaran'i Jesosy sy ilay vehivaby tratra nijangajanga ianao dia ahoana no fomba hampiharanao izany tantara izany eo amin'ny fiainanao?

*Olana 2: Rehefa namitaka olona iray akaiky anao ianao.* Fantatr'i Petera hoe tena nadabony tokoa ilay namany akaiky indrindra. Tao anatin'ny fotoan-tsarotra mihitsy no nanaovany mody fanina. Ahoana no fomba nahavitany zavatra toy izany?

Asaivo vakian'ny terem-panahy iray amin'ny feo mafy ny Jaona 18:15-27.

Hifanakalozy hevitra ireto manaraka ireto:

●Araka ny hevitrao, inona no nahatonga an'i Petera hamaly faingana ilay vehivavy tamin'ny alalan'ny fomba nampiasainy?

●Lazalazao ny zavatra mety tao an-tsain'ilay vehivavy rehefa nandà i Petera.

●Rehefa nijoro nanamorona ny afo ny olona dia naneno ny akoho. Moa ve ea nandre ny fotoana roa voalohany nanenoan'ny akoho tahaka an'i Petera ianao? Inona no tao an-tsainy rehefa naneno fanintelony ilay akoho?

Asaivo vakian'ny olona iray terem-panahy ny Jaona 21:15-17. Ity tantara ity dia tantara iray mahakasika ny famelankeloka, kanefa izao no fanontaniana mipetraka "Iza n tokony hamela heloka?"

●araka ny hevitrao inona no fihetsehampon'i Petera tamin'ny fotoana voalohany nihaonany tamin'i Jesosy taorian'ny nanomboana Azy?

●Lazalazao araka ny fahafantaranao azy hoe nanao ahoana ny mety ho fihetseham-pon'i Petera?

●Inona no antony nilàna ny famelan'i Petera ny heloky ny tenany noho ny nandavany an'i Kristy?

●Ahoana no mahatonga ny tantaran'ny nandavan'i Petera sy ny famelankelok'i Kristy hitondra fanantenana eo amin'ny fiainanao?

Ampitahao ny fotoana nanirahan'i Jesosy an'i Petera hamoky ny ondriny sy ny nandàvan'i Petera an'i Kristy, ary ny fotoana nametrahan'i Petera tamin'i Jesosy ny haben'ny famelankeloka tokony omentsika ny hafa amin'ny mahampanara-dia Azy antsika. Hifanakalozy hevitra ny fomba

nampitombona io resaka io tamin'I Petera. (Matt. 18:21-35).

Misy fotoana izay mety hiatrehantsika ny Kristiana hafa tsy manao fitafiana amin'ny maha-Kristiana. Hazavao ny fomba fampiharantsika ireo ohatra roa momba ny famelankelok'i Kristy ho an'i Petera sy ho an'ilay vehivavy izay tratra nijangajanga.

●Avelantsika hanohy ny fitondran-tenany tsy Kristiana ihany ve izy ireo?

●Ahoana no fomba hamelantsika heloka kanefa tsy manao ala-olana  na manao fitondran-tena tsy mendrika?

●Inona no ohatra napetrak'i Kristy?

●Inona no antony maha-zava-dehibe ny antony hifamelantsika Kristiana

●Inona no fiantraikan'io dia io ara-panahy?

Ity fifanakalozan-kevitra ity dia mifantoka amin'ny famelàna ny heloky ny hafa sy famelàna ny heloky ny tenantsika. Omeo dika iray mitovy amin'ny "Fanalavana ny teny hoe FAMELANKELOKA" (Takila Fanampiny) ny mambra tsirairay avy. Omeo fotoana hanaovana io fanazaran-tena io, na hanombohana azy farafaharatsiny.

## Mampihatra eo amin'ny fiainana

Ny famelankeloka izany dia fandraisana fanapahan-kevitra hanala ny ratsy vita teo amin'ny fiainana ary hanafaka ilay olona izay nanao ny tsy rariny tamintsika. Amin'ny maha-Kristiana antsika dia tsy mahazo mandalo ao an-tsaintsika akory ny hatezerana n any valifaty. Amin'ny alalan'ny fanesorana ireny fihetsehampo ireny no hamelantsika ny tenantsika hanomboka ny fahasitranana

amin'ilay ratra. Raha mbola mihazona ilay alahelo sy hatezerana kosa isika dia miha-malemy ny diantsika ara-panahy.

Ny dingana manaraka dia ny famelàna an'Andriamanitra hiandraikitra ilay olona nanao ny tsy nety tamintsika. Nampanantena Izy hoe Izy no hiaady ho an'ny isambatan'olona. Asaivo vakian'ny terem-panahy amin'ny feo mafy ny Romana12:19; Galatiana 6:7.

Amporisiho ny mambra ao anatin'ny kilasy hangataka an'Andriamanitra hamela ny helok'izy ireo noho ny zavatra izay nataony ka nandratra ny hafa. Ampahafantaro azy fa raha sanatria miverina ilay ratra sy hatezerana dia tokony ahatsiaro am-bavaka ny tenan'izy ireo efa navelany ny helok'io olona io.

## Lesona 12

## MIATRIKA FAHAFATESANA ARAHANA FANANTENANA

### Mandalina ny loharanon-kevitra

Genesisy 2:16, 17; 3:1-13; Mpitoriteny 9:5-7, 10; Jaona 5:24-29; 11:1-44; I Korintiana 15:42-44; 1 Tesaloniana 4:13-18; I Jaona 3:2; 5:11-13

### Mametraka ny tanjona iriana

Ny mambra ao anatin'ny kilasy dia:

- Hahatakatra ny niadohan'ny fahafatesana.
- Hifanakalo hevitra momba ny toetran'ny fahafatesana sy izay miytranga amin'ny olona rehefa maty ny tenany.
- Hankalaza ny fahafahana amin'ny fahafatesana noho ny sorona izay nomen'ny fahafatesan'i Jesosy ho antsika.

### Mifantoka amin'ny filàn'ny mambra vaovao

Ity lesona ity dia mety hiteraka fihetsehampo tsy dia mahazatra loatra. Ny foto-kevitra momba ny hoe matory any am-pasana sy ny tsy fandrenesana na inona na inona intsony any an-danitra dia mety handratra ny mambra vaovao. Raha toa ka manana olona tiana akaiky azy efa maty izy ireo, dia mety nampionona ny tenany tamin'ny alalan'ny foto-kevitra hoe "miaraka amin'i Jesosy" any an-danitra io olona io ary finaritra amin'ny fitahiana ny voary rehetra any an-danitra. Mety efa nihevitra ihany koa izy ireny hoe mijery na mitarika azy avy eny an-danitra eny ireny malalany efa maty ireny. Mety hamoha indray ny

alahelo ny ady hevitra momba ny foto-kevitra hoe tsy mahatsiaro na inona na inona intsony ilay hava-malala.

### Manomana ny fitaovana

- Dika mitovy amin'ny "Ny Toetran'ny Fahafatesana " (Takila Fanampiny).
- Taratasy kely fanoratana.
- Solaitrabe na taratasy lehibe fanoratana
- Valin'ny fanontaniana ao amin'ny fizaràna "Fitsapam-Pahaizana":1-A; 2-D; 3-D.

### Miomana hanomboka

*Safidy A:* Anontanio ny mambra ao anatin'ny kilasy raha toa ka efa niatrika ny fahafatesan'ny olona tena akaiky azy, ary raha toa ka te hitantara momba izany amin'ny mambra iray manontolo ao anatin'ny kilasy izy. Inona no zavatra nambaran'io mambra io momba ny zava-nitranga tamin'ilay hava-malalany taorian'ilay fahafatesana?

